NY TAOM-PIANGONANA EFESOSY.
Teny fanolorana ny amin'ny Taom-piangonana.
Mba ahafahanao mahatakatra tanteraka ireo hafatra mahakasika ny Taom-piangonana dia mamelà hanazava ny toro lalana isan-karazany izay namela ahy ho tonga any amin'ny anaran'ireo iraka, ny halavan'ny taona, ary ny lafin-javatra hafa mahakasika izany.

Koa satria ity fianarana ity no tena lehibe indrindra tamin'izay noraisiko hatreto, dia nitady an'Andriamanitra aho nandritra ny andro maromaro mba ho tarihin'ny Fanahy Masina. Avy eo aho dia namaky ny Soratra Masina momba ny Taom-Piangonana ary nandalina ny amin'ny tantaram-piangonana maro nosoratan'ireo mpahay tantara tena tsy mitongilana izay afaka hitako. Andriamanitra namaly ny vavaka nataoko, fa raha namaky ny Teny sy ny tantara aho dia afaka nahita endrika nisokatra tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay mikoriana nandritra ny taonjato maro sy mahitsy ho amin'izao fotoana izao, dia ny andro farany.

Ny lakile nomen'ny Tompo ahy nahafahako namaritra ny iraka ho an'ny vanim-potoana tsirairay dia tena ao amin'ny Soratra Masina. Raha ny marina dia azo antsoina hoe ilay Fanalahidim-baton'ny Baiboly. Io dia ny fanambaràna izay tsy ovàn'Andriamanitra na oviana na oviana, ary ny lalany dia tsy miova tahaka Azy. Ao amin'ny Hebreo. 13:8 dia voalaza fa i "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, sy anio ary mandrakizay". Mpitoriteny 3:14,15: "Fantatro fa izay rehetra ataon'Andriamanitra dia haharitra mandrakizay; tsy azo ampiana ary tsy azo analana izany; ka dia ataon'Andriamanitra matahotra eo imasony ny olona. Izay atao izao dia efa natao fahiny; ary izay mbola ho avy dia efa nisy fahiny ihany koa; ary mbola tadiavin'Andriamanitra indray izay efa lasa." Eto izany ilay Andriamanitra tsy miova miaraka amin'ny fomba tsy miova. Izay nataony tamin'ny VOALOHANY dia tsy maintsy tohizany mandra-pahatanterahany amin'ny andro FARANY. Tsy hisy fiovàna na oviana na oviana. Ampiharo amin'ny vanim-potoam-piangonana izany. Ny karazana lehilahy izay nofidin'Andriamanitra ho an'ny vanim-potoana voalohany, nanao ahoana ny nisehoan'Andriamanitra tamin'ny asa fanompoan'izany lehilahy izany, ary ohatra ho an'ny vanim-potoana hafa rehetra. Izay nataon'Andriamanitra teo amin'ny taom-piangonana voalohany ihany no ataony amin'ny vanim-potoana hafa rehetra.

Fantatsika tsara ankehitriny fa avy amin'ny Teny izay ao amin'ny Fanahy Masina ny fomba nanorenana tamin'ny voalohany, na ny fiangonana tany am-boalohany, ary ny nisehoan'Andriamanitra tao aminy. Ny Teny tsy afaka miova na ovàna satria ny Teny dia Andriamanitra. Jaona1:1, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." Ny fanovàna teny iray amin'izany, toy ny nataon'i Eva dia mitondra fahotàna, sy fahafatesana, araka ny voasoratra ao amin'ny Apokalypsy 22:18-19: "... Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ho azy ny loza izay voasoratra ato amin'ity boky ity: Ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminaniana ity, dia esorin'Andriamanitra ny anjarany avy amin'ny Bokin'ny Fiainana, sy avy ao amin'ny tanàna masina, sy ireo zavatra izay voasoratra ao amin'izany boky izany." Noho izany, ny fiangonana tamin'ny Pentekosta dia ny faneva. Izany no mari-trano. Tsy misy modely hafa. Na inona na inona lazain'ny manam-pahaizana, TSY novain'Andriamanitra izany modely izany. Izay nataon'Andriamanitra tamin'ny Pentekosta dia tsy hitsahatra mandra-pikaton'ny taom-piangonana.

Na dia milaza aminareo aza ny manam-pahaizana hoe ny andron'ny apôstôly dia vita, aza mino izany ianareo. Ny fanambaràna izany dia tsy mety amin'ny lafiny roa. Voalohany indrindra, dia diso ny fiheverana fa tsy misy intsony apostoly, satria ireo roa ambinifolo tany am-boalohany dia maty. Ny hoe apostoly dia midika hoe

ilay `iray nalefa'; ary maro ireo nirahina amin'izao andro izao, fa izy ireo dia antsoina hoe misiônera. Raha mbola antsoina koa ny lehilahy ka hirahina miaraka amin'ny Tenin'ny Fiainana dia misy andron'ny apôstôly mitranga. Faharoa, izy ireo dia voalaza fa manondro ny vanim-potoana nisehoan'ny Herin'ny Fanahy Masina, toy ny efa vita hatramin'ny nahavitan'ny Baiboly. Izany dia tsy marina. Tsy misy na dia Soratra Masina iray aza manambara izany, fa maro ny mamintina mazava ny mifanohitra amin'izany. Ity no porofo omenay fa samy diso izany zavatra roa izany. Asan'ny Apostoly 2:38,39. "Ary hoy Petera taminy: Mibebaha ianareo, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelan-keloka, ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo, ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza antsoin'ny Tompo Andriamanitsika." Ny fampanantenana ny hery izay ny apostoly no nomena anjara tamin'ny Pentekosta dia ho "anareo (Jiosy), sy ny zanakareo (Jiosy), ary ho an'izay rehetra lavitra (jentilisa), ary ho an'izay rehetra antsoin'ny Tompo Andriamanitsika (na Jiosy sy ny Jentilisa)". Mandra-pijanony miantso, ny hafatry ny Pentekotsta sy ny hery dia TSY HITSAHATRA.

Ny nanànan'ny Fiangonana tamin'ny Pentekosta dia ny zo tsy azo esorina. Tamin'ny voalohany, dia nanana ny Tenin'Andriamanitra madio tsy misy kilema izy. Nanana ny herin 'ny Fanahy Masina miseho amin'ny famantarana sy ny fahagagana samy hafa izy ary ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Hebreo 2:1-4, "Ary amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa izay efa rentsika, fandrao havelantsika hivotsotra izany. Fa raha mafy ny teny izay nampilazaina ny anjely, ka samy voavaly marina avokoa ny fahadisoana rehetra mbamin'ny fahotana, hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika? dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamafisin'izay nandre tamintsika kosa, sady Andriamanitra koa no niara-nanambàra taminy tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony?" Io fiangonana tany am-boalohany io dia tsy fikambanana nataon'ny olona. Notarihin'ny Fanahy Masina izy. Tsy tena lehibe izy. Nankahalaina ary natao ho tsinontsinona, sy voan'ny tsindry hazo lena. Nenjehina ho faty. Fa marina izy teo amin'Andriamanitra. Izy dia nitoetra tamin'ny Teny izay modely tany am-boalohany.

Ankehitriny dia aza voafitaka eto. Fony aho nanao hoe Andriamanitra sy ny fombany dia tsy miova na oviana na oviana, tsy milaza fa ny fiangonana sy ny iraka tsy afaka hiova. Ny fiangonana dia tsy Andriamanitra. Noho izany izy dia afaka miova. Fa ny nolazaiko dia satria tsy miova Andriamanitra amin'ny fombany dia afaka miverina any amin'ny voalohany isika ka mijery ny asa lavorary voalohany nataon'Andriamanitra ary dia mitsara araka izany. Toy izao ny nanaovana izany. Ny tena Fiangonana dia miezaka foana ny ho tahaka ny tany am-boalohany tamin'ny Pentekosta. Ny tena Fiangonana amin'izao fotoana izao dia miezaka ny manakaiky ilay iray tany am-boalohany. Ary ny iraka ho any amin'ny fiangonana, satria manana izany fanahin'Andriamanitra izany ao aminy izy, ary miezaka ny manakaiky ny apostoly Paoly. Izy ireo dia tsy tena hitovy tanteraka aminy; fa ny iraka tena marina dia ireo izay tena manakaiky an'i Paoly, olona afaka amin'ny olona rehetra, novidin'Andriamanitra, ary ny Tenin'Andriamanitra ihany no avoakany, ka mampiseho ny Fanahy Masina amin'ny hery. Tsy misy fomba hafa. Tsy maintsy miasa avy amin'ny tany am-boalohany. Tahaka ny mpiteraka ihany ny nateraka, ny tena Fiangonana Marina dia izay miezaka ny manaraka ny dian'ny mpanorina azy tamin'ny Pentekosta ary ny iraka ao aminy dia hanaraka ny apostoly Paoly, ilay iraka voalohany amin'ny vanim-potoan'ny fiangonana voalohany. Izany dia ny tsotra, ary tena tsara.

Amin'ny alalan'io fanakahidy io, izay tena tsotra, sady tena mahafinaritra, no nahafahako, araka ny fanampian'ny Fanahy Masina, namaky ny Bokin'i Apokalypsy sy ny tantara, nahitako ny vanim-potoana tsirairay, ny faharetan'ny vanim-potoana tsirairay, sy ny anjara sahaniny amin'ny sitrapon'Andriamanitra avy any amin'ny Pentekosta mankany amin'ny fikatonan'ireo vanim-potoana ireo.

Koa satria ianao izao mahatakatra ny fomba hitsarantsika ny toetoetry ny Fiangonana tena marina (dia izy tamin'ny Pentekosta, sy izy tamin'ny andron'ny apôstôly araka izay voalazan'ny Teny ao Amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly) dia afaka mampihatra izany fitsipika izany mba hanehoantsika ny fomba nahalavo azy. Ny foto-pahadisoana, na fahadisoana, izay nisoko niditra tao amin'ny fiangonana voalohany dia nambara ao amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly sy ny Apokalypsy, ary koa ao amin'ny Epistily dia hita bebe kokoa ny fisehony isaky ny vanim-potoana, mandra-pahatongatsika any amin'ny fampanginana tanteraka ny

fahamarinana amin'ny ny farany, na ny vanim-potoan'i Laodikia.

Eto ary, avy amin'ity fanalahidy voalohany azontsika tamin'ny Tompo ity, dia misy fahamarinana kely mahatalanjona iray hafa. Nilaza aho fa ny tena Fiangonana Marina dia miezaka foana mba ho tahaka ny tamin'ny ao amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly. Tena marina izany. Fa hitantsika koa fa ny Teny dia mampianatra ny fidiran'ny fahadisoana marobe, mandra-pahatongan'ny fahamaizinan'ny fahamarinana tanteraka amin'ny andro farany rehefa akaiky ny hisehoan'ny Tompo. Ny fanontaniana dia mipetraka ao an-tsaintsika amin'izao; nafoin'Andriamanitra ve ny Azy ka navelany hilatsaka any fahadisoam-panantenana tanteraka? Tsy misy hidiran'izany, fa hoy ny Soratra Masina izay mazava tsara ao amin'ny Matio 24:24, fa ny olom-boafidy: "TSY afaka ny ho voafitaka." "Fa hisy Kristy sandoka hitsangana, sy mpaminany sandoka, ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, hany ka, RAHA AZO NATAO, dia hofitahany na ny olom-boafidy aza." Ahoana ary? Ny valiny dia mazava eo anoloantsika. Misy Fiangonana marina sy fiangonana diso. Misy Voaloboka Marina, sy ny Voaloboka tsy izy. Nefa mazava ho azy fa ny fiangonana sandoka, vondron'ny voaloboka sandoka, dia miezaka foana ny haka ny toerana misy ny tena Fiangonana ary milaza izy, fa izy no tena Olom-boafidy azo itokiana. Miezaka ny hamono ny Marina ilay Diso. Izany no mitranga ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, izany ny fomba hametrahana azy ao amin'ny vanim-potoanan'ny fiangonana fito, ary izany no fomba hanambarana azy amin'ny Epistily samihafa. Izany no fandehany. Ary dia toy izany ankehitriny. Toy izany ny hiafarany. Tsy afaka miova.

Aoka isika ho malina tsara mba tsy ho sahiran-tsaina amin'ity teboka ity. Noho izany isika, dia hitady ny Teny mba hanamarinana ny filazàna izany. Andeha isika hiverina any amin'ny Boky tany am-piandohana, ny Genesisy. Tao amin'ny sahan'i Edena nisy hazo ROA. Ny iray tsara; ny iray ratsy. Ny iray nahatonga FIAINANA, ny iray nahatonga Fahafatesana. Nisy zanaka roa tany am-boalohany namono zavatra hatao fanatitra ho an'Andriamanitra. Aoka aho hamerina izany, izy ROA dia samy namono zavatra hatao fanatitra ho an'Andriamanitra. Genesisy 4:35, "Ary rehefa afaka elaela, dia nitondran'i Kaina ny vokatry ny tany ho fanatitra ho an'i Jehovah; fa nitondran'i Abela kosa ny voalohan-terak'ondriny, dia izay matavy. Ary Jehovah nankasitraka an'i Abela mbamin'ny fanatiny; fa Kaina mbamin'ny fanatiny kosa tsy mba nankasitrahany…." fa ny iray (Kaina) ratsy, satria ny rainy (Ilay Ratsy), raha i Abela kosa olo-marina teo anatrehan'ny Tompo. Ary koa, nisy zanaka roa avy amin'ny nofo nivoaka avy amin'ny ray aman-dreny iray. Izy ireo ilay kambana izay an'i Isaka sy Rebeka. Ny iray dia ilay olom-boafidin'Andriamanitra fa ny iray dia tsy nekena. Samy nivavaka tamin'Andriamanitra izy roa. Isaky ny tranga dia misy fivavahana amin'Andriamanitra tafiditra. Amin'ny ankapobeny ny ratsy dia nankahala sy nanenjika ny olo-marina. Amin'ny tranga sasany ny ratsy dia namotika ny olo-marina. Mariho anefa. Izy ireo dia niara-nambolena. Niaraka nipetraka izy ireo. Izy roa dia samy nitalaho sy nivavaka tamin'Andriamanitra.

Ireo fanoharana ireo dia mampiseho tsara ny fanoharana nataon'ny Tompo Kristy Jesosy rehefa nilaza Izy fa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray izay namafy voa tsara,ny antony dia mba hananany fahavalo hamboly tsimparifary eo anivon'ny ireo voa tsara ireo. Andriamanitra tsy namboly ny tsimparifary. I Satana no namboly ireo tsimparifary eo anivon'ireo voa tsaran'Andriamanitra ireo. Ireo karazana zavamaniry roa ireo (olona), avy amin'ny voa roa samy hafa ireo dia niara-lehibe. Izy ireo dia niara- nandray sakafo tao amin'ny tany iray ihany, niara-nahazo anjara tao amin' ny masoandro, orana, ary tombontsoa hafa rehetra, ary samy nojinjaina tamin'ny fotoanany. Hitanareo ve izany? Aza hadinoina mihintsy ireo fahamarinana ireo satria isika mianatra ny taom-piangonana, ary avy eo dia ny tombo-kase. Ary mihoatra noho izany rehetra izany, aza adino fa amin'izao vanim-potoana farany izao izany, rehefa manomboka afatotra ny tsimparifary ho dorana, dia hanilika ny vary ny Tompo izay ataony ao an-tsompitra.

Te-hitondra izany hevitra izany aho eny an-dalana rehetra eny, ka aoka isika handeha dingana iray lavidavitra kokoa. Efa nianatra ny tantaran'ny fifohazana ve ianareo? Ny fifohazana dia midika hoe hetsik'Andriamanitra amin'ny hery. Ary isaky ny mihetsika Andriamanitra, i Satana koa dia eo mba hanao hetsika. Tsy mbola diso izany. Tamin'ny andron'ny fifohazam-panahy Welsh lehibe (ary ny ankamaroan'ny olona tsy mahalala izany), ny mpitsoam-ponenana very saina dia tonga haingana marobe teo, ary nisy fampisehoana lehibe nataon'ny devoly mba hamiliana ny saina tsy hifantoka amin'Andriamanitra. Voasoratra fa tamin'ny andron'i Wesley ny

olona dia nanao zavatra tena miavaka izay azo antoka fa Satana miezaka maneso ny fahatsaran'ny herin'Andriamanitra. Tamin'ny andron'i Luther voalaza fa ny fahagagana tamin'ny asa fanompoany dia tsy mipetraka amin'ny hoe, izy dia nanohitra ny Eglizy Katolika Romana, fa ny fahagagana dia mipetraka tamin'ny nahafahany nijanona salama vatana sy saina teo anatrehan'ny mafàna fo tafahoatra izay matetika feno fanahy mamitaka ary tarihin'izany. Ary raha fantatrao izao andro farany fanompoana izao, dia ho tsapanao ny fanafihan'ny fanahy ratsy sady mamitaka. Tsy maintsy ho toy izany ny fandehany. Ankehitriny aho dia manantena sy matoky fa ianareo dia ara-panahy ka hahatakatra izany, ary hahasoa anareo izany.

Mba hametrahana ny teboka eo amin'ny voaloboka Marina sy diso mifangaro, voaloboka sy fampisehoana ny fanahy roa izay miasa, dia aoka isika hijery ny 1 Jaona 4:1-4, ary Joda 3,4,12. "[Ny amin'ny fampianarana sandoka, sy ny tokony hitiavantsika ny rahalahy, ary ny hanekentsika ny fanambaran'Andriamanitra ny Zanany] Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin'Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao. Izao no ahafantaranareo ny Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin'Andriamanitra; ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an'i Jesosy tonga nofo dia tsy mba avy amin'Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, SADY EFA eo amin'izao tontolo izao SAHADY izy. Anaka, ianareo dia avy amin'Andriamanitra ary efa naharesy ireny, satria lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin'izao tontolo izao. 3,4,12 Joda. "Ry malala, raha zotom-po rehetra hanoratra aminareo aho hilaza ny amin'ny famonjena iombonantsika, dia nisy nahatery ahy hanoratra aminareo, hananatra mba hiezahanareo mafy hiaro ny finoana izay efa voatolotra indray mandeha monja ho an'ny olona MASINA. Fa misy OLONA SASANY (tsy Olomasina) efa niditra misokosoko (ireo tsy tonga ao amin'ny valan'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny VARAVARANA ary noho izany dia mpandroba), izay voasoratra fahiny ho amin'izany fahamelohana izany, dia OLONA RATSY FANAHY izay mamadika ny fahasoavan'Andriamanitsika ho fijejojejoana sady mandà ny Tompo Andriamanitra tokana, sy Jesosy Kristy Tompontsika. Ireo dia pentimpetina eo amin'ny fetin'ny fanasam-fifankatiavanareo, raha MIARAKA-mihinana aminareo izy, dia mamahan-tena tsy amin-tahotra, ..." Tsy azo lavina manoloana ny Soratra Masina fa ireo tena Fiangonana dia mifamatotra amin'ny fiangonana sandoka, niara-nambolena saingy ny voa tsy mitovy.

Koa ankehitriny, mihevitra aho fa misy zavatra hafa tokony ho fantatrareo. Ny fiangonana fito izay nambàra tamin'ny Jaona dia tany Asia Mineur ary ireo dia antsoina hoe fiangonanan'ny hafa firenena rehetra (jentilisa). Tsy niresaka tamin'ny fiangonana tany Jerosalema izy izay Jiosy ny ankamaroany fa angamba vitsy ny hafa firenena tao aminy. Ny antony dia satria Andriamanitra niala tamin'ny Jiosy ho any amin'ny hafa firenena. Noho izany ny rehetra ao amin'ny taom-piangonana dia Andriamanitra misahana ny jentilisa, ary miantso Ampakarina hafa firenena ho Azy. Izany no maha taom-piangonana ny taom-piangonana ary `Ny Fahafenoan'ny Jentilisa' ilay zavatra iray mitovy ihany. Asan'ny Apostoly 13:44-48, "Ary nony tamin'ny Sabata manaraka, dia saiky ny tanàna rehetra no niaraka mba hihaino ny Tenin'Andriamanitra. Fa raha hitan'ny Jiosy ny vahoaka betsaka, dia feno fialonana izy ireo, ka niteny nanohitra ireo ny teny nolazain'i Paoly, nanohitra sy niteny ratsy an'Andriamanitra. Ary Paoly sy Barnabasy nanam-pasahiana, ka nanao hoe: nilaina ny nitoriana ny Tenin'Andriamanitra voalohany taminareo; kanefa hita fa tsy noraisinareo izany, ka mahatonga ny tenanareo ho tsy mendrika ny fiainana mandrakizay, jereo, hitodika any amin'ny Jentilisa izahay. Fa izany no nanirahin'Andriamanitra anay, manao hoe, napetrako ho fanazavàna ny Jentilisa ianao, mba ho famonjena hatrany amin'ny faran'ny tany. Ary rehefa nahare izany ny Jentilisa, dia faly izy ireo, sady nanome voninahitra ny Tenin'ny Tompo: ary izay rehetra voalahatra ho amin'ny fiainana mandrakizay dia nino." Romana 11:1-8, "Dia hoy aho: Narian'Andriamanitra ve ny olony? Sanatria. Fa izaho koa mba Israelita, avy amin'ny taranak'i Abrahama, avy amin'ny firenen'i Benjamina. Andriamanitra tsy nanary ny olony izay efa fantany mialoha. Sa tsy fantatrareo izay voalazan'ny Soratra Masina momban'i Elia?, dia ilay fitarainany tamin'Andriamanitra nentiny namely ny Isiraely, nanao hoe: Jehovah ô, efa namono ny Mpaminaninao sy nandrava ny Alitaranao izy ireo: ary izaho irery ihany no sisa tavela, ka mitady ny aiko koa ry zareo. Fa ahoana ny namalian'Andriamanitra azy? Izaho efa niaro fito arivo lahy ho Ahy, dia izay tsy mbola nandohalika tamin'ny tsangam-baton'i Bala. Dia toy izany koa amin'izao andro ankehitriny izao, misy ny sisa tavela araka ny fifidianana amin'ny fahasoavana. Ary raha avy amin'ny fahasoavana izany, dia tsy mba ny asa intsony ;raha

tsy izany ny fahasoavana dia tsy fahasoavana intsony. Fa raha avy amin'ny asa izany, dia tsy fahasovana intsony:raha tsy izany ny asa dia tsy asa intsony. Ahoana ary? Isiraely dia tsy nahazo izay notadiaviny; fa ny voafidy no nahazo izany, ary ny sisa dia nohajambaina (araka ny voasoratra hoe: Andriamanitra efa nanome azy fanahy sondrian-tory sy maso mba tsy hahitan'izy ireo, ary sofina mba tsy handrenenesan'izy ireo;) mandraka androany."

Romana 11:25-29, "Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo izany zava-miafina izany, ry rahalahy (fandrao mihevitra ny tenanareo ho hendry ianareo), fa efa misy fahamafisam-po manjo ny Isiraely sasany mandra-piditry ny fahafenon'ny jentilisa; Ary amin'izany dia hovonjena avokoa ny Isiraely rehetra, - araka ny voasoratra hoe: Hivoaka avy any Ziona ny Mpanafaka, Ary hampiala ny haratsiam-panahy amin'i Jakoba Izy; Ary izao no fanekeko aminy, raha manaisotra ny fahotany Aho. (Isa. 59.20, 21; 27.9). Raha ny amin'ny filazantsara dia fahavalo izy noho ny aminareo; fa raha ny amin'ny fifidianana kosa dia malala izy noho ny amin'ny razana. Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan'Andriamanitra dia tsy misy fibebahana. [Car les dons et la vocation de Dieu sont sans repentance.]

Ireo fiangonana fito tany Azia Minora miorina hita dia nahitana toetra tao aminy, fahiny, izay lasa vokatra matotra ho an'ny taona tatỳ aoriana. Raha zava-maniry fotsiny no tany aloha dia lasa voa matotra tatỳ aoriana, na i Jesosy aza dia nilaza hoe: "Fa raha manao izany zavatra izany amin'ny hazo maitso izy ireo, inona no hatao amin'ny maina?" Lioka 23:31.

NY HAFATRA HO AN'NY TAOM-PIANGONANA EFESIANA.
Apokalipsy 2:1-7

> *Soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Efesosy. Izao no lazain'ilay mihazona ny kintana fito eny an-tànany ankavanana sady mandeha eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito: Fantatro ny asanao sy ny fikelezanao aina sy ny faharetanao ary ny tsi-fahazakanao izay mpanao ratsy; ary ianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy; ary manana faharetana ianao ka niaritra noho ny anarako sady tsy reraka. Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao. Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha, ka manaova ny asa voalohany; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao Aho ka hamindra ny fanaovan-jironao hiala amin'ny fitoerany, raha tsy mibebaka ianao. Kanefa izao no toetranao: halanao ny asan'ny Nikolaita, izay halako koa. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny Hazon'Aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra.*

NY IRAKA.

Ny iraka (anjely) ho 'ny fiangonana Efesosy dia ny apostoly Paoly. Ny maha iraka azy ho amin'ny vanim-potoana voalohany ho an'ny Jentilisa dia tsy azo lavina. Na dia i Petera aza no nahazo ny fahefana mba hanokatra ny varavarana ho an'ny Jentilisa, dia nomena i Paoly maha-apostoly sy mpaminan'izy ireo azy. Izy no mpaminany-Mpitondra hafatra ho any amin'ny Jentilisa. Ny asa faminaniany, izay nandraisany fanambarana feno ny Teny ho an'ny Jentilisa, dia nanamarina azy ho-apôstôly iraka ho azy ireo. Ny apostoly hafa tany Jerosalema dia nanaiky izany. Galatiana 1:12-19, "Fa izaho tsy nandray azy tamin'olona, ary tsy mba nampianarina aho, fa tamin'ny fanambaran'i Jesosy Kristy ihany. Fa efa renareo ny toetrako fahiny tamin'ny fivavahan'ny Jiosy, fa efa nanenjika ny fiangonan'Andriamanitra izay tsy izy aho ka nandrava azy; ary nandroso tamin'ny fivavahan'ny Jiosy mihoatra noho ny maro izay indray mihira amiko eo amin'ny fireneko aho ka fatra-pitàna ny fampianarana voatolotry ny razako indrindra. Fa raha sitrak'Andriamanitra, Izay nanokana ahy hatrany an-kibon'ineny ny niantso ahy tamin'ny fahasoavany, ny nampiseho ny Zanany tato anatiko, mba hitoriako Azy any amin'ny jentilisa, niaraka tamin'izay dia tsy naka saina tamin'ny nofo aman-drà aho, ary tsy niakatra tany Jerosalema ho any amin'izay Apostoly talohako aho, fa lasa nankany Arabia, dia niverina ho any Damaskosy indray. Ary rehefa afaka telo taona, dia niakatra tany Jerosalema hamangy an'i Kefasy aho ka nitoetra tao aminy dimy ambin'ny folo andro. Nefa ny Apostoly sasany dia tsy nisy hitako afa-tsy Jakoba, rahalahin'ny Tompo." Galatiana 2:2, "Ary niakatra araka ny fanambaràna aho, ka nambarako

tamin’izy ireo ny filazantsara izay notoriko tany amin'ny Jentilisa, nefa nangingina ihany izany dia tamin’ireo izay tsara-laza, fandrao ho mihazakazaka foana aho, na efa nihazakazaka foana." Galatiana 2:6-9, "Fa amin'ireo izay mihevitra ny tenany ho zavatra, (na inona na inona izy ireo, dia tsy mampaninona ahy izany: Andriamanitra tsy mizaha tavan’olona:) fa ireo izay nanao ny tenany ho zavatra tao amin'ny fihaonambe koa dia tsy nanampy na inona na inona tamiko; fa kosa nony hitany fa ny Filazantsaran’ ny tsy voafora dia nankinina tamiko, tahaka ny Filazantsara ho an'ny voafora tamin’i Petera: (fa Izy Izay niasa tamim-pahombiazana tamin'i Petera ho apostolin’ny voafora, dia Izy Ihany no nahery tao anatiko ho an'ny Jentilisa:) ary nony fantatr'i Jakoba sy Kefasy ary Jaona, izay natao ho andry, ny fahasoavana nomena ahy, dia notoloran’izy ireo ny tanan-kavanan’ny firaisankina aho sy Barnabasy; mba handehananay any amin'ny Jentilisa, ary izy ireo kosa ho any amin'ny voafora." Romana 11:13, "fa miteny aminareo Jentilisa aho, satria Izaho no Apostolin'ny Jentilisa, dia mankalaza ny fanompoako aho."

I Paoly no nanorina ny fiangonana tany Efesosy teo antenatenan'ny taonjato voalohany. Izany dia manome fahafahana antsika mba hametraka ny daty fiandohan'ny Taom-piangonana Efesosy; tokony ho 53 taorian'i Kristy.

Ny fomban'ny fanompoam-pivavahana tao dia nametraka ny lamina rehetra andrandrain’ny iraka ho avy, ary raha ny marina dia modely mipetraka ho an’ny tena mpanompon’Andriamanitra ihany koa, na dia tsy ho tonga toy izany aza izy, dia tamin’ny fanjakan’ny faminaniana tahaka an’i Paoly. Ny asa fanompoan’i Paoly dia nanana toetra telo sosona, ary dia toy izao manaraka izao:

Voalohany indrindra, i Paoly dia tena marina tao amin’ny Tenin'Andriamanitra. Tsy nivily tamin'izany izy na inona na inona mety ho vokany. Galatiana 1:8-9, "Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy. Araka ny voalazanay fahiny no lazaiko indray ankehitriny: Raha misy olona mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa noraisinareo, aoka ho voaozona izy." Galatiana 2:11,14, "Ary nony tonga tany Antiokia Kefasy dia nanohitra azy nifanatrika aho, satria nanana ny fahadisoana izy." "Fa rehefa hitako fa tsy nandeha mahitsy araka ny fahamarinan'ny Filazantsara izy ireo, dia hoy izaho tamin'i Kefasy teo anatrehan'izy rehetra: Raha ianao izay tena Jiosy aza no manao tahaka ny fanaon'ny Jentilisa, fa tsy tahaka ny fanaon'ny Jiosy, nahoana no terenao ny Jentilisa mba hiaina tahaka ny fanaon'ny Jiosy?"

1 Kor 14:36-37, “Ahoana? Nivoaka avy ao anatinareo ve ny Tenin’Andriamanitra? Sa ianareo ihany no nahatongavany? Raha misy olona manao ny tenany ho mpaminany, na ara-panahy, dia aoka izy hanaiky fa ny zavatra izay soratako ho anareo dia baiko avy amin’ny Tompo.”

Mariho fa i Paoly tsy nisy olona nitarika, fa ny Fanahy no nitarika azy, tahaka ny hetsik’Andriamanitra teo amin’i Mosesy mba hitarika ny Isiraely nivoaka avy tany Egypta. Ny filan-kevitra tao Jerosalema tsy mba naniraka an’i Paoly, na nanana hery na fahefana hanapaka azy. Andriamanitra, ary Andriamanitra irery ihany, no nanao ny fandefasana sy ny fitarihana. Paoly dia tsy avy amin'ny olona, fa avy amin'Andriamanitra. Galatiana 1:1, "Paoly, Apostoly, (tsy avy tamin'olona, na tamin'ny alalan'olona, fa tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy sy Andriamanitra Ray, Izay nanangana Azy tamin'ny maty)" Galatiana 2:3-5, "Kanefa na dia Titosy, izay niaraka tamiko, na dia Grika aza izy, dia voatery tsy maintsy noforàna; izany dia nohon’ny ny rahalahy sandoka nampidirina antsokosoko, izay niditra mangingina hitsikilo ny fahafahantsika, izay ananantsika ao amin'i Kristy Jesosy, mba hanandevozany antsika; Ary izahay tsy nanaiky ny ho baikon’izy ireo, na dia ora iray monja aza, mba hitohy hitoetra aminareo ny fahamarinan'ny Filazantsara."

Faharoa, ny fanompoany dia tamin’ny herin'ny Fanahy, amin' izany dia mampiseho ny Teny voalaza ary voasoratra. 1 Korintiana 2:1-5, "Ary izaho, ry rahalahy, raha tonga tany aminareo aho, dia tsy tonga tamin'ny fihoaran'ny hatsaran'ny teny na fahendrena, raha nitory taminareo ny fijoroana ho vavolombelona momba an'Andriamanitra. Fa ninia tsy hahafantatra zavatra hafa teo aminareo aho, afa-tsy Jesosy Kristy, ary Izy voahombo tamin'ny hazo fijaliana. Ary tany aminareo aho tamin’ny fahalemena, tahotra, ary tena nangovitra. Fa ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin'ny teny toa marina amin’ny fahendren’olombelona, fa tamin'ny

fanehoana ny Fanahy sy ny hery: Ary ny finoanareo dia tokony tsy hijanona eo amin'ny fahendren'olombelona, fa amin'ny herin'Andriamanitra." Asan'ny Apostoly 14:8-10: "Ary nisy lehilahy anankiray nipetraka tany Lystra nalemy tongotra, kilemaina hatrany an-kibon-dreniny, izay tsy mbola namindra mihintsy hatramin'izay; io lehilahy dia nahare an'i Paoly niteny: izay nibanjina azy, ka nahita fa nanam-pinoana ny ho sitrana izy, niteny tamin'ny feo mahery hoe: Mijoroa amin'ny tongotrao. Ary niantsambikimbikina ralehilahy ka nandeha." Asan'ny Apostoly 20:9-12: "Ary teo am-baravarankely nisy zatovo anankiray atao hoe Eotyka, resin-tory: ary raha naharitra ela ny toritenin'i Paoly, dia tafalatsaka tamin'ny torimaso izy, ka nianjera avy teo amin'ny rihana fahatelo, ary nakarina efa maty. Nidina i Paoly, dia niankina teo aminy sy namihina azy ka nanao hoe: aza matahotra ianareo, fa mbola ao aminy ny ainy. Ary raha niverina niakatra Paoly, dia namaky ny mofo, ary rehefa nihinana sy niresaka ela, ambara-parainan'ny andro izy, dia lasa nandeha. Ary izy ireo nitondra ilay zatovo efa velona ka akory izany hafaliany." Asan'ny Apostoly 28:7-9, "Ao amin'iny faritra iny ihany dia nisy lehilahy anankiray nanana tany sady lehiben'ilay nosy, dia tsy iza fa i Publius, izay nandray anay ka nampiantrano anay tsara hateloana. Ary ny zava-nitranga dia izao, ny rain'i Publius nandry mararin'ny tazo sy nivalan-drà; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tanana taminy, dia nahasitrana azy. Nony efa vita izany, ny sasany izay narary teo amin'ny nosy koa, dia tonga, ka dia sitrana." 2 Korintiana 12:12, "Marina tokoa fa ny famantarana maha apostoly dia natao teo aminareo tamin'ny faharetana rehetra, tamin'ny famantarana sy ny fahagagana, ary tamin'ny asa lehibe."

Fahatelo, miharihary ny fananany ny vokatry ny asa fanompoana nomen'Andriamanitra azy. 2Korintiana 12:11: "izaho dia tonga adala, ianareo no nahatery ahy; noho ny aminareo no nilazàna tamiko; fa tsy misy na inona na inona mahakely ahy amin'ny lehiben'ny apostoly, na dia tsinontsinona aza aho." 1 Korintiana 9:2, "Raha tsy Apostoly ho an'ny sasany aza aho, azo antoka fa ho anareo; satria ny tombo-kase ny maha-apostoly ahy ao amin'ny Tompo dia ianareo." 2 Korintiana 11:2, "Fa saro-piaro aminareo aho araka an'Andriamanitra ; satria nataoko ho fofom-badin'ny lehilahy iray ianareo, mba hanolorako anareo tahaka ny virijina madio ho an'i Kristy." Paoly dia fitaovana nitondràna ondry Jentilisa maro; mamahana azy ireo izy, ary nikarakara azy ireo, mandra-pamoakany voa marina, ary vonona ny hitsena ny Tompo amin'ny maha Jentilisa ampakarina azy.

Tamin'ny fotoana nanomezana ny Apokalypsy, araka ny lovan-tsofina, Paoly dia efa maty maritiora, fa i Jaona nanohy nandimby azy, ary mitovy tanteraka amin'izay nataon'i Paoly tamin'ny andron'ny fanompoany. Ny nahafatesan'i Paoly, talohan'ny nanomezana ny fanambarana, dia tsy mahafoana ny maha-iraka ho amin'ny Taom-piangonana Efesosy azy, fa ny iraka ho amin'ny vanim-potoana rehetra, na inona na inona fisehony na fandehanany, dia ilay mampiseho io vanim-potoana io ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny ny Teny - naseho amin'ny asa fanompoana. Paoly izany olona izany.

NY TANANAN'I EFESOSY.

Ny tanànan'i Efesosy dia iray amin'ireo tanàna telo lehibe indrindra tany Asia. Izy no antsoina matetika hoe ny tanàna fahatelon'ny finoana kristianina, I Jerosalema no voalohany, ary Antiokia no faharoa. Izy dia tena tanana manan-karena. Ny governemanta dia Romana, fa ny teny dia teny Grika. Ny mpahay tantara dia mino fa Jaona, Maria, Petera, Andrea ary Filipo, izy rehetra dia milevina amin'ity tanàna tsara tarehy ity. Paoly, izay nanorina ny tena finoana teo amin'ity tanàna ity, dia pasitora teo tokony ho telo taona monja; fa raha tsy amin'ny ondriny izy dia mivavaka mandrakariva mahatsiaro azy ireo. Timoty no eveka voalohany tao. I Timoty 1:1-3, "Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy araka ny didin'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy Jesosy Kristy Tompo, Izay fanantenantsika, mamangy an'i Timoty, tena zanako amin'ny finoana: fahasoavana, famindram-po, sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy i Jesosy Kristy Tompontsika. Toy ny niangaviako anao hitoetra any Efesosy, rehefa hankany Makedonia aho, mba handidianao ny hafa tsy hampianatra foto-pampianarana hafa."

Ny anarana hoe Efesosy, dia misy dikany mifangaro hafahafa, "nokendrena", sy "Milamina". Ny faniriana ambony ny amin'ity vanim-potoana ity dia nanomboka tamin'ny fahafenoan 'ny Fanahy, "ny halalin'Andriamanitra", tamin'ny antson'Andriamanitra avo dia avo nokendren izy ireo, dia nanomboka

nanome toerana ny toe-tsaina tsy dia malina loatra izy. Tsy mafàna fo loatra amin’ny fanarahana an'i Jesosy Kristy ka tonga naneho ny tenany ho toy ny fambàra fa amin'ny vanim-potoana ho avy, ilay fiara hita-maso izay antsoina hoe ny fiangonana dia nilentika any amin’ny faharatsiana, amin'ny "halalin'ny Satana". Ary izy dia nanjary tony ary manomboka nanalavitra. Teo dia efa niverin-dalana ilay vanim-potoana. Nilaozany ilay fitiavana voalohany. Ilay voa kely nambolena tao amin’ny vanim-potoana Efesosy indray andro any dia haniry ho amin’ny fanahin'ny fampiviliana mandra-pahatongan'ny voro-manidina adala rehetra eny amin’ny rivotra miteronterona ao amin'ny rantsany. Mora resen’ny olona lahatra ilay voly kely ka hiseho tahaka an’i Eva Vaovao (Ny Fiangonana Vaovao) ary ho voafitaky Satana indray. Ny Taom-piangonana Efesosy dia efa natolotra ho azy ny fahafahana tsara indrindra ho an’Andriamanitra, ary nandritra ny fotoana fohy izy dia nahery, ary avy eo tony, ary tamin'izany fotoana tsy misy fiambenana izany, Satana no namboly ny voa hanapotika azy tanteraka.

Ny fivavahana tao Efesosy dia mampiseho tsara ity vanim-potoan'ny fiangonana voalohany ity ary mametraka ny toetran’ny vanim-potoana ho avy. Voalohany indrindra, ilay tempolin'i Diana tsara tarehy naorina nandritra ny taona maro dia ahitana ny sarin’i Diana tsy mamiratra na mahasarika araka ny fihevitry ny olona azy tamin’ny nanorenana azy. Izy dia tena tsy mitovy amin’ireo sariny hafa mipetraka amin’ny tempoly hafa natokana ho azy. Izy teto dia to vehivavy tsy manana endrika ary ny nifarany dia milentika ao amin’ireo vonga-kazo nanaovana sikotra azy. Ny sandriny roa dia natao tamin’ny vy tsotra anankiroa. Tena lavorary ny fanehoana ny fanahin’ny antikristy nivoaka tao amin’ny vanim-potoana voalohany. Tao no nivoahany teo afovoan'ny olona, nefa tsy naka endrika toy ny fanairana ny olona. Ilay tanana vy roa dia toa nampiseho fa hanorotoro ny asan'Andriamanitra izy araka amin’ny fidirany tsikelikely. Ary tahaka ny tsy misy nanamarika azy na izay ataony. Fa indray andro any dia ho tsikaritr’izy ireo, rehefa lasa “fotom-pampianarana” ny “asa” miaraka amin'ireo sandry vy ireo, ary ny fampianarany dia tonga lalàn’ny Fanjakana lehibe. (Empire).

Ny firafitry ny fanompoana ao an-tempoly koa dia tena niseho. Voalohany indrindra dia nisy ny mpisorona tandapa. Io fisoronana tsy afaka mamokatra io dia famantarana ny amin’ny tsy famokaran’ny olona miataka amin’ny tenin’Andriamanitra, satria ny olona milaza fa mahalala an’Andriamanitra ankoatran’ny Teny dia tahaka ny tsy mananan’aina hoatran’ny mpisorona tsy afaka mamokatra. (momba) Faharoa, ny tempoly ao anatiny dia ahitana ireo virijiny mpisorona vavy izay manao ny asa fanompoam-pivavahana ao an-tempoly. Io dia mampiseho ny andro fa ny fankalazàna sy endrika, fomba, sy asa dia haka ny toeran’ny Fanahy Masina ary dia tsy ho ilay fanehoana mafàna fo intsony izay tao amin’ny tempolin’Andriamanitra. Eo ambonin’izy rehetra ny mpisorona be, lehilahy manana hery ara-politika sy to teny, mampiseho izay efa mitombo tsikelikely, na dia tsy miseho loatra aza,izany hoe, ny fiangonana any aoriana kely dia ho tarihin’ny olona, amin’ny drafitry ny olona sy izay tian’ny olona ary “izay no lazain’ny Fanahy Masina” tsy ho velona araka ny tena fahamarinana intsony. Eo ambanin’izy ireo dia ny andevon’ny tempoly izay tsy mahalala afa-tsy ny fanekena ny rafitry ny fiangonana. Inona ary no mety ho dikan’izany fa tsy ny fahatongavan’ilay andro izay hanaovan’izy ireo lalàna ny mpitondra fivavahana, amin’ny fanodikodinana ara-politika, fanampian’ny fanjakana, ary ny fakàna ny toeran’ny Teny amin’ny Fanahin’ny Fanekem-pinoana, dogma, fitarihin’olombelona, izay manandevo ny olona kanefa ny mpitarika azy ireo dia misonanika amin’ny harena azo amin’ny tsy fahamarinana ary mifaly amin’ny filàny, fa ny vahoaka mahantra kosa izay tokony ho tompoina eo imason’Andriamanitra dia lasa mpanompo.

JESOSY, NY IRAKA SY NY FIANGONANA.

Apokalypsy 2:1, "... Izao no lazain' ilay mihazona ny kintana fito eny an tànany ankavanana sady mandeha eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito. "Fa izy dia izay nanao hoe: Io Jesosy io dia SADY Tompo ny Kristy.” Eo Izy, ilay Iray sady Tompo Andriamanitra Tsitoha, ary tsy misy hafa. Ao Izy, ilay Mpamonjy ("... ny famonjena dia avy amin'ny Tompo", Jona 2:9) mandehandeha eo amin'ny fiangonana nandritra ny vanim-potoana fito. Izy Ilay tao amin'ny taona voalohany, dia mbola Izy ihany no ao amin'ny sokajin-taona rehetra. Ho an’ny mpino rehetra, Izy dia i Jesoa Kristy tsy miova, omaly, sy anio, ary mandrakizay. Izay nataony indray mandeha dia mbola Izy ihany no manao izany, ary mitohy izany.

Ankehitriny dia jereo fa i Jesosy mandeha irery eo amin'ny ny fiangonana. Tsy misy olon-kafa miaraka Aminy. Tena tsy hisy mihintsy izany, fa Izy irery ihany no nanao ny famonjena, ary rehefa nividy azy tamin'ny ràn'ny Tenany Izy, dia lasa fananany. Izy no Tompo sy Mpampianatra azy. Izy no manome Azy ny voninahitra ary izany voninahitra izany dia tsy omeny ny hafa. Tsy misy papa ao Aminy. Tsy misy arseveka ao Aminy. Maria, renin'ilay vatany tety an-tany dia tsy miaraka aminy. Tsy miteny Izy dia mitodika any amin'ny Ray, fa Izy no Ray. Tsy mitodika hanome baiko ny Fanahy Masina Izy, satria Izy Andriamanitra, Fanahy mandrakizay, ary ny fiainany no mampihetsiketsika ao amin'ny fiangonana manome ny fiainany, ary raha tsy misy Azy dia tsy misy fiainana. Ny famonjena dia avy amin'ny Tompo.

Tsy misy olon-kafa niaraka taminy tamin'Izy nandeha namakivaky ny fahatezerana sy fahasiahan'ny afo mivaivay. Tsy olon-kafa fa IZY ILAY nahantona tamin'ny hazo fijaliana nanomezany ny ràny. Izy no Tompomarika sy Mpanantanteraka ny finoantsika. Izy no Alpha sy Omega n'ny famonjena antsika. Fofombadiny isika fa tsy ho an'ny hafa. Tsy ny fiangonana no manana antsika. Fa Izy no tompontsika. Ny Teniny dia lalàna. Ny fotom-pampianarana, dogma, lalàna sy rafitra dia tsy hanan-kery amintsika. ENY, i Jesosy IRERY ihany tokoa Ilay nandehandeha teo anivon'ny fiangonana. Andriamanitra tao aminy, vonona ny hanao ny sitrapony. Aza adino izany. Iray ihany ny fifandraisanao amin'Andriamanitra ary iray ihany ny fifandraisan'Andriamanitra aminao - dia i JESOSY ary JESOSY IRERY IHANY.

Eto izany Izy dia miaraka amin'ny kintana fito eny amin'ny tanany havanana. Ny Tanana havanana na sandry dia midika hery sy fahefan'Andriamanitra. Salamo 44:3, "Fa tsy ny sabany no nahazoany ny tany, ary tsy ny sandriny no namonjy azy; fa ny Tananao ankavanana sy ny Sandrinao ary ny Fahazavan'ny tavanao, satria efa sitrakao izy." Ao amin'io tanan-kavanan'ny hery io dia misy kintana fito, izay araka ny Apokalipsy 1:20, dia ireo iraka fito. Izany dia midika fa ny tena herin'Andriamanitra sy ny fahefany dia ao ambadiky ny iraka isaky ny vanim-potoana. Izy ireo dia mandeha amin'ny afo sy ny herin'ny Fanahy Masina amin'ny Teny. Kintana izy ireo satria taratry ny hazavàna. Ny hazavàna izay tarafin'izy ireo dia ny Hazavàny. Tsy manana hazavàna ho an'ny tenany manokana izy ireo. Tsy mampirehitra ny afony manokana izy mba handehanan'ny olona amin'ny hazavàna haparitany. Isaia 50:11. Alina ny andro, fa amin'izany ny kintana no mivoaka. Io no alin'ny fahamaintisan'ny fahotana, ho an'ny rehetra (eny izao tontolo izao), dia efa nanota ka mandrakariva tsy tonga amin'ny voninahitr'Andriamanitra. Romana 3:23

Ireo iraka fito ireo dia mampahafantatra ny olona an'Adriamanitra. Izay mandray an'izy ireo, dia mandray Izay naniraka azy ireo. Jaona 13:20. Niresaka sy niasa tamin'ny fahefany izy ireo. Nitsangana tao aorinany Izy miaraka amin'ny herin'ny fahafenon'Andriamanitra. Matio 28:18-20, "Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny FAHEFÀNA REHETRA any an-danitra sy etỳ an-tany; Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, IZAHO MOMBA ANAREO MANDRAKARIVA ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao (fahalavorarian'ny vanim-potoana.) Noho izany dia eo izy ireo, feno ny Fanahy Masina sy finoana, amin'ny afo miaraka amin'ny afon'Andriamanitra, mihazona ny Tenin'ny fahamarinana, ary Izy mijoro manohana azy ireo. Ary saintsaino tsara izao, tsy misy mpino iray amin'ny vanim-potoana no mila mitaraina ao am-pony. "Eh, raha mba izaho mantsy no tany amin'ny taom-piangonana voalohany, tamin'ny apostoly nirahina voalohany." TSY misy ilàna ny fijerena ny tany aloha. MIJERE AMBONY! Jereo Izy, eny fa na dia amin'izao aza dia mandehandeha eo afovoan'ny fiangonana amin'ny vanim-potoana rehetra. Jereo Izy, ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay; Ary tsy mbola niova na ny maha izy Azy na ny fanaony. Na aiza na aiza hiangonan'ny roa na telo amin'ny Anarany, dia eo afovoan'ireo Izy. Ary tsy eo afovoan'izy ireo ihany ka ho mpitazana fontsiny, na tahaka ny anjely mpandray an-tsoratra; fa mijoro eo Izy mampiseho ny maha-Izy azy - Ilay Mpanohana fiainana ary Mpanome ny fanomezana tsara ho an'ny fiangonana. Aleloia !

"Iza no mandeha eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito." Tena manan-danja ireo teny ireo, raha jerena amin'ny fahazavàn'ny Soratra Masina, izay mamaritra Azy ho "Kristy izay Fiainantsika". Fa Kristy tokoa ny fiainana ao amin'ny fiangonana. Tsy manana fiainana hafa izy. Raha tsy misy Azy dia fikambanana ara-pivavahana fotsiny ihany izy, antoko, fanangonan'olona tsy misy dikany. Tahaka ny faty asiana firavaka dia

mijanona ho faty ihany, toy izany koa ny fiangonana, na inona na inona ny fandaharana sy ezaka tsara mety ho tratrany, raha tsy manana an'i Kristy izy dia faty ihany. Fa raha miaraka Aminy ao aminy, mandrisika azy, dia lasa maha-talanjona ny rehetra izy "Ny Tenany, dia ny fahafenoan'ilay mameno azy amin'ny zavatra rehetra." Ary izao amin'izao ora izao Izy dia mandeha eo afovoan'ny fanaovan-jioro volamenan'ny vanim-potoana farany. Ny maha izy Azy tamin'Izy nandeha tao amin'ny vanim-potoana voalohany, no mbola Izy ihany amin'izao vanim-potoana farany izao. Jesosy Kristy no TSY MIOVA, OMALY SY ANIO ARY MANDRAKIZAY.

"Fanaovan-jiro fito". Ao amin'ny Eksodosy 25:31, dia voalaza, "Ary manamboara ianao fanaovan-jiro amin'ny volamena TSY MISY FANGARONY; Io fanaovan-jiro io dia atao amin'ny volamena VOATOROTORO; ny tongony, ny tahony, ny kalisiny, ny paomany ary ny voninkazony dia iray ihany." Ny fiangonana marina izay an'i Jesosy Kristy, ny ampakarina dia oharina amin'ny volamena TSY MISY FANGARONY. Ny fahamarinany dia ny Azy. Ny toetrany dia ny voninahitry ny tenany. Hita ao Aminy ny momba azy ireo. Ny maha izy Azy, dia tsy maintsy hita taratra eny aminy. Izay hananany, dia tsy maintsy asehony. Tsy misy fahadisoana eo aminy. Manana voninahitra izy na ao anatiny na eo ivelany. Hatrany am-boalohany ka hatramin'ny farany dia asan'ny Tompony izy, ary ny asany rehetra dia lavorary. Izany hoe voarakitra ao aminy ary miseho ny fahendrena mandrakizay sy fikasan'Andriamanitra. Iza no afaka handrefy izany? Iza no afaka hahatakatra izany? Na dia tsy afaka manao izany aza isika, dia azontsika atao ny manaiky izany amin'ny finoana, Andriamanitra no nilaza izany.

Kanefa tsy ny maha volamena ny fanaovan-jiro ihany, fa volamena NOHAFISAHANA. Norafetin'ny tanana na volamena novelesina, araka ny toromarika omen'ny Fanahy. Ankoatran'ny mahaTompo sy Mpampianatra azy, Jesosy Kristy, efa nisy ve olona nokapohina ary nodiovina amin'ny maha ampakarin 'i Jesosy Kristy azy? Azo antoka fa izy no mameno ny fijalian'i Kristy izay navelany. Ny entany norobaina. Ny fiainana mety hitera-doza. Izy dia tahaka ny ondry entina hovonoina. Novonoina izy na maraina na hariva. Mijaly be izy, fa ao amin'izany rehetra izany dia tsy mba namaly faty izy, na nahatonga ny hafa hijaly. Mendrika ny Filazantsara io vadin'i Kristy maha-te ho tia io. Ary satria ny volamena dia mora volavolaina (aforiporitra), kanefa ny varahina tapaka rehefa velesina, izany volamenan'Andriamanitra izany dia hitondra ny fijaliany ho an'ny Tompo, tsy mitolefika, tsy tapaka, tsy rava, fa voavoatra ho toy ny zavatra tsara tarehy, sy fifaliana mandrakizay amin'ny alalan'ny fizahan-toetra sy fitsapàna eo amin'izao fiainana izao.

MIDERA NY AZY KRISTY.

Apokalypsy 2:2,3. "Fantatro ny asanao sy ny fikelezanao aina sy ny faharetanao ary ny tsi-fahazakanao izay mpanao ratsy; ary ianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanefa tsy izy, ary hitanao fa mpandainga, ary efa nizaka sy nanam-paharetana, ary nisasatra nohon'ny NY ANARAKO ianao ary tsy reraka."

Endre izany hatsaran'ny Mpamonjy midera sy mandoka ny zanany. Milaza ny rehetra momban'ny toe-tsaina tsara ara-panahy sy fitondrantenan'izy ireo Izy. Fantany fa misy fahalemena eo amin'izy ireo, fa tsy mbola mitaraina ny amin'ny fanoherana izany Izy. Moa ve tsy tahaka izany ny Tompo? Fantany ny fomba hampaherezana antsika eo amin'ny zavatra marina sy hanakiviana antsika amin'ny raharaha ratsy. Afaka maka lesona tsara daholo isika eto amin'ny fitondrana ny fiangonana sy ny fianakaviantsika. Ary isika rehetra tokony mbola afaka maka lesona tsara amin'izay fijeren'Andriamanitra antsika tsirairay avy amin'io lalana io. Aza kivy, ry Olo-masin'Andriamanitra, fa Andriamanitra tsy mba tsy mandainga ka hanadino ny asa nataonareo am-pitiavana. Na inona na inona ataontsika, na dia manome rano mangatsiaka iray kapoaka olona iray aza, dia ananantsika valisoa sy fitahiana avy amin'ny Tompo.

"Fantatro ny asanao, ny fikelezanao aina sy ny faharetanao." Rehefa mandeha eo afovoan'ny 'ny fiangonany Izy, dia mahatsapa ny fijalian'ny olony, ka mikarakara izany Izy. Tahaka ny tamin'ny andron'ny fahababoana tany Egypta, raha nandre ny fitarainan'izy ireo Izy, dia Ilay tsy miova, mbola mandre ny fitarainan'ireo ampahorina rehefa mandeha eo an'ivony izy ireo. Ilay teny hoe, asa, dia midika ho fahareraha amin'ny

alalan'ny fampahoriana. Ny olon'Andriamanitra tsy miasa ho Azy ihany amin'ny fitiavana, fa mijaly noho ny Aminy amin'ny fifaliana. Manam-paharetana amin'ny fitondrana ny zioga izy ireo. Ity vanim-potoana voalohany ity dia nijaly tamin'ny fanenjehana lehibe. Tsy maintsy niasa mafy ireo mba hitory ny Filazantsara sy nanaparitaka ny fahamarinana. Ny antso avo teo amin'ny fiainany dia ny hanompo an'Andriamanitra, ary raha ny fanantenany amin'ny fiainana dia potika, kanefa manam-paharetana izy ireo ary nametraka teo Aminy ny zavatra rehetra dia Ilay efa nampanantena valiny maharitra any an-danitra ho azy ireo ny amin'izay nafoin'izy ireo tety an-tany ho Azy.

Heveriko fa tokony hijanona eto isika ary hiatrika ny eritreritra fa ny vahoakan'Andriamanitra dia nenjehina ary mbola henjehina foana. Fantatrareo fa ny Genesisy no boky fiandohana, ary izay hitanareo nanomboka tao dia mitondra mankany amin'ny Apokalypsy, ary tsy miova. Tao no nahitantsika fa i Kaina nanenjika sy namono an'i Abela satria sitrak'Andriamanitra ny an'ilay farany. Avy eo isika dia mahita fampitahana tonga lafatra amin'ny zanak'i Abrahama ara-nofo, dia i Ismaela, izay nanadala ka niady tamin'ny zanaky ny teny fikasana Isaka. Ary nisy an'i Esao, izay nankahala an'i Jakoba ka saiky hamono azy, niditra an-tsehatra Andriamanitra. Ao amin'ny Testamenta Vaovao no ahitantsika an'i Jodasy namadika an'i Jesosy, tamin'ny fikambanana fivavahana tamin'ny taonjato voalohany nitady handrava ny mpino tany am-boalohany. Ny zanak'izao fiainana izao, izay fehezin'ny devoly dia mankahala ny zanak'Andriamanitra izay fehezin'ny Fanahy.

Na marina sy mahitsy aza ny Kristianina iray eo anatrehan'ny olona, ary mamindra fo amin'ny olona mpiara-belona aminy izy, tsy manao afa-tsy ny soa, avelao izy hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy azy sy hahatsapa ny fiasan'ny fanomezan'ny Fanahy Masina amin'ny fiteny tsy fantatra, faminaniana, fanasitranana sy fahagagana, fa hohelohina izy. Ny fanahin'ity izao tontolo izao ity dia mankahala ny Fanahin'Andriamanitra, ary satria tsy afaka mandresy ny Fanahin'ny Tompo izy dia miezaka ny hanimba ny fitoerana izay hipetrahan'ny Fanahin'ny Fahamarinana mitoetra.

Ny fanenjehana sy ny fitsapàna dia voajanahary, anjara ara-dalana eo amin'ny fiainana kristianina. Tsy misy afa-tsy zavatra iray ihany no azonao atao momba azy ireo. Ankino amin'Andriamanitra izy rehetra rehetra, aza mitsara, avelao ny faharetan'ny asan'izy ireo sy ny fitsarana farany ho Azy.

"Tsy zakanao izay mpanao ratsy; ary ianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy ireo." Ireo Efesiana ireo nino fa ny vahoakan'Andriamanitra tokony ho masina. Araka io andininy io dia nandray fepetra izy ireo mba hitandrina ny vatana tsy misy masirasira avy amin'ny fahotana. Azo inoana indrindra fa ny fivadiham-pinoana dia efa nanomboka. Efa niditra tao am-piangonana ny fahotàna. Izy ireo anefa nanaiky ny tenin'i Paoly ny hanesorana izay ratsy teo anivony izany. Olona miavaka amin'ny be sy ny maro izy ireo. Nivoaka avy amin'izao tontolo izao izy, ary ankehitriny izy ireo dia tsy mamela izao tontolo izao hiditra ao amin'izy ireo. Tsy manaiky ny amin'ny ota tao amin'ny fiangonana izy ireo. Ny Fahamasinana amin'izy ireo dia tsy andian-teny na sarin-teny; fa fomba fiainana.

"Hianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy." Oh, izany fanambarana izany dia mivantana. "Hianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly." Tsy ami-pasahiana ve izany? Inona ny fahefana nananan'ny olona mba hitsara ireo izay milaza ny tenany ho Apostoly? Ary ahoana ny fomba nizahany azy ireo? Oh, Tiako izany. Eto dia ao amin'ny Galatiana 1:8, "Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay (efa) notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy." Ny apostoly no nitondra ny Teny tany amboalohany ho an'ny olona. Izany Teny tany am-piandohana izany dia tsy afaka ovàna, eny fa na dia teboka sy tsipika aza. Fantatr'i Paoly fa Andriamanitra no efa niteny taminy ka hoy izy hoe: "Na dia tonga aho ka miezaka hanome ny fanambarana faharoa, hanao fiovàna kely iray ao amin'izay efa nomeko tany am-boalohany, aoka aho ho voaozona." Hitanareo, fantatr'i Paoly fa ny fanambaràna voalohany dia marina. Andriamanitra tsy afaka manome fanambaràna voalohany, avy eo ny fanambarana faharoa. Raha nataony izany dia nanova ny eritreriny Izy. Afaka manome fanambarana iray Izy, ary avy eo dia hanampy izany, toy ny nataony tao amin'ny Sahan'i Edena, rehefa nampanantena Taranaka ho an-dravehivavy, ary avy eo nanendry fa io Taranaka io tsy maintsy tonga amin'ny alalan'i Abrahama, ary avy eo tatỳ aoriana nilazany fa ho avy araka ny ràn'i Davida izany. Fa

izany fanambarana izany dia iray ihany. Izany ihany no nanome ny olona fanazavàna fanampiny mba hanampianatra sy handraisan'izy ireo izany. Fa ny Tenin'Andriamanitra dia tsy afaka miova. Tonga ilay Taranaka araka ny nambàra. Aleloia!! Ary jereo anie hoe inona ny nataon'ireo apostoly sandoka. Tonga niaraka tamin'ny teniny izy ireo. Ireo Efesiana nahalala ny Teny araka ny efa nampianarin'i Paoly azy ireo. Feno ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana nataon'i Paoly izy ireo. Banjinin' izy ireo ny apostoly sandoka tao amin'ny masony ka nataony hoe: "Tsy nampianarin'i Paoly ny zavatra lazainareo. Noho izany sandoka ianareo." Oh, izany dia mampirehitra ny foko. Miverena any amin'ny Teny! Tsy tena ianareo no hizaha ny Apostoly, sy mpaminany ary ny mpampianatra, FA NY TENY NO MIZAHA AZY IREO. Indray andro any dia hisy mpaminany tonga ao amin'ny Vanim-potoana Laodikia ary ho fantatrareo raha izy ilay tena avy amin'Andriamanitra na tsia. Eny ho fantatrareo, satria avy amin'Andriamanitra izy: IZY DIA TENA HO AO AMIN'NY TENY ARAKA IZAY NANOMEZAN'ANDRIAMANITRA AN'I PAOLY AZY. TSY HIVILY AMIN'IZANY TENY IZANY IZY NA DIA FOTOANA KELY MONJA AZA, ENY FA NA DIA IOTA IRAY AZA. Amin'izany vanim-potoana farany izany, izay hisy mpaminany sandoka maro hiseho, tandremo ary jereo ny fomba hilazany aminareo fa raha tsy mino izay lazainy aminareo ianareo dia ho very; fa rehefa tonga an-tsehatra ilay MPAMINANY AMIN'NY ANDRO FARANY, raha tena izy marina tokoa izany mpaminany izany, dia hiantso mafy izy hoe: "miverena any amin'ny Teny fa very ianao." Tsy hijoro amin'ny fanambaràn'ny tenany na hevitry ny sainy izy, fa eo amin'ny Teny. Amena, ary Amena!

Ireo apostoly sandoka ireo no amboadia masiaka noresahan' i Paoly. Hoy izy hoe: "Rehefa lasa aho dia ho avy izy ireo hilaza fanambaràna mitovy, fa ny tanjony dia tsy ny hanampy anareo, fa handringana anareo." Asan'ny Apostoly 20:27-32, "Fa tsy nafeniko anareo ny hanambara ny amin'ny fikasan'Andriamanitra. Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra, izay ny Fanahy Masina no nanao anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny ràny. Fa fantatro izao, fa rehefa lasa aho dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo ary tsy hiantra ny ondry. Ary koa avy ao aminareo ao no hisy olona hitsangana, miresaka zava-dratsy (ny teny sy ny heviny, fa tsy an'Andriamanitra) mba hitaona ny mpianatra hanaraka azy. Koa miambena, ary tsarovy fa nandritra ny telo taona aho tsy nitsahatra nananatra anareo rehetra andro aman'alina tamin'ny ranomaso. Ary ankehitriny, ry rahalahy, midera anareo eo anatrehan'Andriamanitra aho sy amin'ny Tenin'ny fahasoavan'izay mahay manorina anareo, sy manome lova anareo miaraka amin'izay rehetra nohamasinina."

Jaona nahafantatra azy, koa, satria hoy izy ao amin'ny i 1Jaona 4:1, "... maro ny mpaminany sandoka (efa) lasa any amin'izao tontolo izao." Izany toe-tsaina antikristy izany dia efa tafiditra antsokosoko ao amin'ny fiangonana, ka dia nanao izany amin'ny fandehanana manohitra ny Teny. Nahoana no teto izany rehetra izany no nanomboka. Eto ao amin'ny vanim-potoan'ny fiangonana voalohany. Efa nandà ny Teny sahady izy ireo ary nametraka ny fanekem-pinoana sy ny filozofia fa tsy ny Teny. Izany no antikristy, satria i Jesosy no Teny. Ny fanoherana ny Tenin'Andriamanitra dia manohitra an'i Jesosy. Ny manohitra ny Tenin'Andriamanitra dia midika ho antikristy, satria ny Fanahy sy ny Teny dia IRAY ihany. Raha toa ianao ka manohitra ny Teny, dia tsy maintsy ho antikristy ianao. ARY RAHA NANOMBOKA TAO AMIN'NY TAOM-PIANGONANA VOALOHANY IZANY DIA TSY MAINTSY MITOMBO HATRAMIN'NY FARANY IZAY HANANANY FAHEFANA. Ary izany indrindra no ho hitanareo rehefa maneho ny vanim-potoana rehetra isika. Izany dia manomboka bitika kely tany amin'ny vanim-potoana Efesosy ary mitombo isaky ny vanim-potoana mandra-panohitra ny Teny, rafitra antikristy maka fahefana tanteraka ary ny Teny tsy mety ho diso ny Teny dia nialan'ny apostoly sandoka izay ao amin'ny fiangonana tsy marina.

Ary ankehitriny dia mora ny mahazo fahatsapana diso ny amin'ny zavatra resahantsika satria mafy loatra ny anaovako azy. Mety ny fahenonao azy dia tahaka ny hoe, io fanoherana ny Teny sy fanahin'ny antikristy io dia fanipahana marindrano ny Teny, ny tsy fanekena ny Baiboly dia miafara amin'ny fandàvana azy. Tsia tompoko. Tsy izany. Fa inona ary, ny Apokalypsy 22:18,19, "Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity: Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ho azy ny loza voasoratra ao amin'ny ity boky ity. ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminaniana ity, dia esorin'Andriamanitra ny anjarany avy amin'ny Bokin'ny Fiainana, sy avy ao amin'ny tanàna masina, sy ny zavatra izay voasoratra ao amin'ity boky ity." Izany dia ny fanovàna na dia teny IRAY monja aza amin'ny

alalan'ny fanesorana na fanampiana ao aminy. Izany no hevi-petsin'i Satana tany am-boalohany tao amin'ny Saha Edena. Nanampy teny kely fotsiny izy, tamin'izay nolazain'Andriamanitra. Dia izay no izy. Nitondra fahafatesana sy fandringanana izany. Ary tany Efesosy koa, dia toy izany ihany. Teny nampiana, teny nesorina, ary ny fanoheran-Teny, nanomboka niroborobo ny fanahin'ny antikristy.

Azonareo amin'izay ve izany izao? Misy indray ireo kambana. Misy indray ireo hazo roa, maniry mifanila amin'ny tany iray,mandray sakafo mitovy, misotro orana iray ihany, ary mahazo tombotsoa amin'ny masoandro iray ihany. Izy ireo anefa dia avy amin'ny voa SAMIHAFA. Ny hazo iray dia HO an'ny Tenin'Andriamanitra, mitovy tanteraka araka ny nanomezan'Andriamanitra azy, ary tia sy mankatò azy. Ilay hazo iray hafa dia avy amin'ny voa izay manohitra ny Tenin'Andriamanitra ary manova izany amin'izay tiany. Nosoloiny tamin' ny fanekem-pinoana sy foto-pinoana ny Tenin'Andriamanitra velona, izay tsy misy maha-samihafa izany amin'ny nataon'i Kaina, izay niafara tamin'ny famonoana an'i Abela. Fa aza matahotra ry ondry vitsy. Mijanòna amin'ny Teny. Hazomy ny Teny eo anelanelanao sy ny devoly. Eva tsy mba nanao izany ary lavo izy. Ary rehefa avelan'ny fiangonana ny Teny dia mandeha any amin'ny lalina sy amin'ny fahamaizinanan'i Satana izy.

"Ary efa nizaka sy nanana faharetana, ary nohon'ny anarako no nisasaranao, sady tsy reraka." Izany dia mitovy ihany araka izay voalaza ao amin'ny andininy faharoa. Fa amin'ny andininy faharoa ny asa, asa-tanana, sy ny faharetana dia avy amin'ny fiambenana ny Teny masina izay natolotra ho azy ireo. Ahoana ny fomba nanilihany ireo fahavalony. Tena voninahitra ho an'i Paoly izy ireo. Fa ao amin'ity andininy ity ny Fanenjehana, fizahan-toetra sy ny faharetana dia nohon'ny fitahina ny Anaran'i Jesosy.

Fantatrareo fa tsy mba hafahafa izany, fa ny Teny izany sy ny Anarana izay mahatonga ny fahavalo amintsika toy ny tondra-drano. Izany Teny mahery izany izay naseho tamin'ny fanasitranana, famantarana, fahagagana, ary fihetsiketsehana hafa, no nahatonga ny Fariseo nikiakiaka mba ho vonoina ny mpino tena marina. Ary ankehitriny izany Anarana izany, nankahalaina sy notevatevain'ny Jiosy, dia nihomehezanan'ny manam-pahalalana, rehefa maneso izy ireo hoe adala ny olona mieritreritra toy izany, dia ny mino ny lehilahy iray izay maty sady efa nitsangana indray, ary ankehitriny mipetraka any an-danitra. Koa eto dia ny mpanenjika ara-pivavahana, ny Jiosy, nanozona izany Jesosy izany, Izay ho azy ireo dia ny Mesia sandoka; ary eto ny sasany dia nihomehy amin'ny fahafinaretana sy nihomehy maneso hoe Anarana andriamanitra vaovao, ary ho azy ireo dia tsy andriamanitra akory izany.

Ary eto dia misy zavatra hafa izay nanomboka tamin'io vanim-potoana io ary hitohy tsara mandritra ny taona nifandimby, miha-lalina sy miha-maizina. Izany hoe, ny olona dia nisaraka tamin'izany anarana izany. Tsy ny Fiangonana Efesianina marina no manao izany. Tsia tompoko. Izany dia ny apostoly sandoka. Ireo avy any ivelany niezaka nandoto ny mpino. Ny Efesianina dia nahafantatra io Anarana io ary tia azy. Tadidio ny niandohan'ny Fiangonana tao Efesosy. Nisy vondron'olona kely izay mitady ny Mesia nandre fa misy mpaminany izay niantso ny tenany ho ilay mpialoha lalana ny Mesia niseho tany an-efitra any Palestina ary nanao batisa ny olona ho amin'ny fibebahana amin'ny fahotana. Ireo dia nandray ny batisan'i Jaona. Fa rehefa tonga tao amin'izy ireo Paoly dia nasehony azy ireo fa ny mpaminany maty, fa Jesosy efa tonga ka nahatanteraka ny ainy ho sorona noho ny ota, ary ANKEHITRINY ny Fanahy Masina no tonga, ary miditra ka hameno ny tena mpino an'i Jesosy rehetra, ilay Mesia. Ary rehefa nandre izany izy ireo, dia natao BATISA AMIN'NY ANARAN'I JESOSY TOMPO, ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy ireo dia feno ny Fanahy Masina. Fantatr'izy ireo ny atao hoe mankatò ny Teny, ny hatao batisa amin'ny Anarany (Jesosy Kristy Tompo) ary amin'izany dia fantatr'izy ireo fa ho feno ny Fanahy Masina izy. Tsy misy olona afaka manova ireo olona ireo. Fantatr'izy ireo ny fahamarinana. Asan'ny Apostoly. 19:1-7.

Fantany ny herin'io Anarana io. Hitan'izy ireo fa mahery izany Anarana izany ka na fiaron'akanjo nalaina avy amin'ny tenan'i Paoly aza ary nalefa tamin'ny Anaran'i Jesosy ho an'ny olona mijaly dia afaka nanasitrana ny marary amin'ny aretina isan-karazany, sy nandroaka fanahy ratsy. Tena niseho tamin'ny fahagagana ny nataon'izany Anarana izany ka ny Jiosy tany Efesosy aza niezaka ny nampiasa azy io mba handroahana demonia. Asan'ny Apostoly 19:11-17, "Ary ny tànan'i Paoly no nanaovan'Andriamanitra fahagagana lehibe

maro, ka dia ny mosara sy ny fiaron'akanjo teny aminy no nentina hatao amin'ny marary, dia sitrana ny aretiny, ary nivoaka ny fanahy ratsy. Ary nisy Jiosy sasany, mpiriorio mamoaka fanahy ratsy, izay ninia nanonona ny anaran'i Jesosy Tompo koa teo ambonin'ny manana fanahy ratsy ka nanao hoe: Mampianiana anareo amin'i Jesosy Izay torin'i Paoly aho. Ary nisy fito mirahalahy, zanak'i Skeva, Jiosy, lohan'ny mpisorona, izay nanao izany. Ary ny fanahy ratsy namaly ka nanao taminy hoe: Fantatro Jesosy, ary fantatro koa Paoly; fa mba iza kosa moa ianareo? Ary ny lehilahy izay nanana ny fanahy ratsy dia niantsambotra tamin'ireo ary nahery ka naharesy azy roa lahy, dia nandositra niala tamin'izany trano izany ireo sady nitanjaka no voaratra. Ary fantatry ny Jiosy sy ny jentilisa rehetra izay nonina tany Efesosy izany; dia raiki-tahotra ny olona rehetra ka nankalaza ny anaran'i Jesosy Tompo.

Fantatr'izy ireo ny fiainana marina izay manaraka ny fitondrana izany Anarana izany, fa na iza na iza manonona ny anaran'ny Tompo, aoka izy hiala amin'ny ota. Aoka ho masina ianareo, ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo. Aza mitondra ny Anaran'ny Tompo Andriamanitrao ho zava-poana. Ireo Efesianina ireo dia KRISTIANINA. Nitondra Anarana izy ireo, izany Anarana izany dia Kristy, Ilay Fanahin'Andriamanitra ao anatin'izy ireo, izay iray amin'ireo Anaranan’ny Tompony izay telososona.

"... Ary noho ny Anarako efa nisasaranao, ary tsy reraka." Ireo mpino ireo dia tsy mikely aina ho an'i Paoly, na ho an'ny fikambanana. Izy ireo tsy nanao fandaharana sy andrim-panjakana hananganany fananana manan-danja. Miasa ho an'ny Tompo izy ireo. Izy ireo dia mpanompony, fa tsy fitaovan’ny fikambanana. Tsy mandeha any am-piangonana ny Alahady izy ireo sy miresaka momba io Anarana io, ary avy eo dia hanadino izany ny sisa amin'ny herinandro. Tsy nanao an-tendro-molotra fotsiny ho an’ izany Anarana izany. Tsia Tompoko. Ny fiainan’izy ireo no nomena.

Izay nataony rehetra dia tamin’io Anarana io. Tamin’io Anarana io no nanaovany asa, fa raha tsy afaka nanao asa tamin’io Anarana io izy ireo, dia nitsahatra tamin’ny asany. Ireo dia Kristiana mipetraka eo amin’ny lanitra ary ny fitondra-tenany dia ao amin’ny Tompo.

Fa iretsy vondrona voaloboka tsy izy iretsy izay mitady handoto ilay Anarana mihantona tahaka ny ambodia ao anaty maizina, miandry izay hidirany handrava. Fa ny olo-masina anefa nijoro tamin’ny fitsapàna ary nihazona ny Teny sy ny Anarana.

NY FITARAINAN’ANDRIAMANITRA.

Apokalypsy 2:4, "Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao." Mba hahatakarana izany dia tsy maintsy tonga ao an-tsaina fa ny Fanahy dia tsy miresaka amin'ny olona masina tany am-boalohany tany Efesosy ihany. Ity hafatra dia ho an’io vanim-potoana io manontolo izay naharitra 120 taona. Ny hafatra entiny dia ho an’ny taranaka rehetra tao amin'io elanelana io. Ary ankehitriny dia ny tantara no manambara azy. Tao amin'ny taranaky ny Isiraely dia nahitantsika fifohazam-panahy amin'ny taranaka iray, ny antony dia mba hahita ny afo mihalevona ao amin'ny manaraka. Ao amin'ny taranaka fahatelo, dia mety ho vain’afo mamirapiratra kely, fa amin'ny fahefatra dia mety tsy hahitana soritra na inona na inona intsony ny amin’ny afo tany am-boalohany. Ary dia narehitr’Andriamanitra indray ny afo, ka dia niverina indray ny dingana. Izany dia ny fanehoana ny marina fa Andriamanitra tsy manana zafikely. Ny famonjena dia tsy mifindra amin’ny taranaka intsony mainka fa ny fahamarinana amin’ny fifandimbiasana maha-apôstôly. Tsy ao amin'ny Teny izany. Manomboka avy amin'ny tena mpino nateraka, ary rehefa tonga ny taranaka manaraka, tsy Kristiana tsotra intsony izy ireo, fa efa naka ny anaram-piangonana ho anarany, ary ankehitriny dia Batista, Metôdista, sns. Toy izany koa izy ireo. Tsy Kristiana izy ireo. Tsy maintsy hateraky ny sitrapon'Andriamanitra ianao, fa tsy ny sitrapon'ny olona, mba ho voavonjy. Fa ireo olona ireo dia miara-tonga ankehitriny, noho ny sitrapon'ny olona. Tsy milaza aho fa ny sasany amin’ireo dia tsy marina eo anatrehan’Andriamanitra. Na iray minitra aza aho tsy milaza izany, fa ilay afo tany am-boalohany dia maty.Tsy mitovy intsony izy ireo.

Ny faniriana mafy hampifaly an'Andriamanitra, ny fitiavana hahafantatra ny Teniny, ny fitarainana hahatongavana ao amin'ny Fanahy, izany rehetra izany dia nanomboka niha-levona, ary raha tokony ho

fiangonana nirehitra teo amin’ny afon’Andriamanitra, niha-nangatsiaka izy ka somary lasa tahaka ny besy sy ny maro. Ny fialàna tamin’Andriamanitra, niha-maty tsikelikely ary ny olona tsy niraharaha loatra momba izay hevitr’Andriamanitra ny amin’izy ireo satria izy ireo dia nanomboka nitandrina momban’izay eritreretin’izao tontolo aminy. Izany taranaka faharoa izany tonga avy eo, dia toy ny Isiraely. Nangataka mpanjaka izy ireo mba hitovizany amin’ny firenena hafa. Ary raha nanao izany izy, dia nandà an'Andriamanitra. Kanefa izy ireo dia nanao izany ihany. Izany no tantaran'ny fiangonana. Rehefa mieritreritra bebe kokoa amin'ny fanarahana an'izao tontolo izao izy fa tsy ny fanarahana an'Andriamanitra, dia tsy ela ny hahita azy ireo manajanona ny fanaony teo aloha, ary manomboka manao zavatra izay tsy araka ny tany am-boalohany. Ovainy ny fomba fiakanjony, ny fihetsika sy ny fitondra-tenany. Lasa manao tsirambina. Izany no dikan’ny hoe "Efesosy" dia midika hoe: tony - mikisaka.

Izany fihodinan’ny fifohazam-panahy sy ny fahafatesana izany dia nisy foana. Ny zavatra tsy maintsy atao dia ny mitadidy ity hetsika farany amin’ny Fanahin'Andriamanitra ity, rehefa nitafy tahaka ny Kristiana ny lehilahy sy ny vehivavy, nandeha tany am-piangonana, nivavaka mandritra ny alina, nandeha teny an-dalambe, ary tsy menatra ny fanehoan'ny Fanahy. Nilaozan’izy ireo ilay fiangonany maty taloha ka nivavaka tanaty trano izy ireo na trano tranainy.Ny zava-misy no nananany. Saingy tsy ela akory dia nanomboka mahazo vola hanorenana fiangonana tsara vaovao. Nasiany antoko mpihira (Chorale) tao toy izay mihira ho an'Andriamanitra ho an'ny tenany. Nampanaoviny akanjo lava manokana izy ireo. Nikarakara hetsika izy ireo ka olona no mitantana izany. Nanomboka namaky boky izay tsy tokony ho vakiana akory izy ireo. Nampidininy ny tsivalan-kazo hidim-bavahady ka tafiditra ny osy ary nandray ny fahefana. Lasa ny fitarainana mafy noho ny fifaliana. Ny fahafahan’ny Fanahy lasa. Oh, nitohy tamin'ny endrika rafitra izy ireo; fa ny afo efa niha-levona, ka dia ny hamaintisan’ny lavenona no tafajanona.

Fotoana vitsy lasa izay dia voalazako fa i Jaona dia nahalala izany hoe fitiavana an'Andriamanitra izany. Izany apostoly lehibe ny fitiavana izany no azo antoka fa nahita izany rehefa nanomboka nanary ny fitiavan’Andriamanitra voalohany ny fiangonana. Ao amin'ny 1 Jaona 5:3, dia milaza hoe: "Fa izao ny fitiavan'Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny (ny Teniny)." Ny fiviliana kely iray miala amin’ny Teny dia miala amin'i Kristy. Ny olona milaza fa tia an'Andriamanitra, dia mankany am-piangonana, izy ireo dia miantsoantso sy mifaly ary mihira ary manana fotoana amin’ny fihetseham-po lehibe. Fa rehefa tapitra izany, araho dia jereo raha ao amin’izany TENY izany izy ireo, mandeha amin'izany, miainà eo aminy. Raha mandeha mamaky ny hafa rehetra izy ireo, ary avy eo dia tsy mandeha araka ny Teny, dia afaka milaza izy fa tia an'Andriamanitra, fa ny fiainany milaza tantara iray hafa.

Manontany tena aho raha tsy efa nahita maro tamin’izany Jaona talohan'ny nahafatesany; olona nanao hoe tia an'Andriamanitra nefa tsy nakato ny Teniny. Oh, ry fiangonana Efesosy, misy zava -mitranga aminao. Misy olona miezaka ny manampy ny Teny na manala avy amin’izany. Kanefa amin'ny fomba malefaka no anaovan’izy ireo izany ka tsy ho hitanareo. Tsy nanao hetsika lehibe izy ireo ka ahafahanao mahita izany eny an-kalamanjana. Izany dia ambany fialofana, ary dia entin’izy ireo amin'ny saina maha-olombelona ka dia hanapaka io raha tsy mandà ianareo. Mandehana miverina any amin’ny Pentekosta, dieny mbola tsy diso aoriana loatra!

Fa amin’ny ankapobeny ny olona dia tsy miraharaha ny fampitandreman'Andriamanitra. Ilay afom-pifohazana niorina teo ambonin'ny Teny masina dia tena mahatalanjona, ary ny fisehon’ny Fanahy dia tena fitahina, ka ny tahotra kely mandady miditra na ny bitsika iray ao am-po manao hoe: "Ahoana no ahafahantsika miaro io fahamarinana ananantsika io? Inona no azontsika atao mba hijerena ny fitohizan’ny fifohazam-panahy?" Eo indrindra no hidiran’ny "fanahin’ny antikristy" tonga ao ary mibitsika, "Indro, manana ny fahamarinana ianareo izao, ataovy izay tsy ahavery izany. Alamino sy hatsangano ny fanekem-pinoana ny zavatra inoanao. Ataovy any anatin’ny bokim-piangonana izany rehetra izany." Ary izy ireo dia nanao izany. Nanao fikambanana. Nampiany ny Teny. Ary dia maty tahaka an’i Eva izy ireo noho ny fandraisana teny diso IRAY. Ny Tenin'Andriamanitra no mitondra ny fiainana. Ary tsy izay lazaintsika momba ny Teny no zava-dehibe, fa izay lazain’Andriamanitra anao.

NY FAMPITANDREMAN’ANDRIAMANITRA.

Apokalypsy 2:5, "Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha, ka manaova ny asa voalohany; fa raha tsy izany dia ho avy aminao faingana Aho, ka hamindra ny fanaovan-jironao hiala amin'ny fitoerany, raha tsy mibebaka ianao.

Andriamanitra nilaza tamin'izy ireo mba HAHATSIARO. Azo inoana fa nisy zavatra efa nandao ny sainy. Nanadino zavatra izy ireo. Nolazainy azy ireo ny hiverenan'ny sain'izy ireo amin'ny toerana niaviany. Ny niandohan'ny ny vanim-potoana voalohany dia ny Pantekosta. Efa lavo izy ireo avy tamin'izany. Nanadino ny voninahitra sy fahagagana tao. Tonga ny fotoana hiverenan'ny saina avy eo amin'ny zava-misy. Miverina rehefa afaka miteny hoe: "Ho ahy ny velona dia i Kristy." Miverina amin'ny fahadiovana tamin'ny andron'ny nahavoa an-dry Ananiasy sy Safira. Miverina any amin'ny vavahady Tsara. Oh, tena fahafaham-baraka tokoa ny mivily miala amin'Andriamanitra sy manome vahana ireo asa izay mandoto Ny Anarany. Aoka ireo izay manonona ny Anarany hiala amin'ny fahotàna ary hitandrina ny fanaka madio ho an'Andriamanitra. Diniho hoe inona no tao am-ponao taloha, sy ny sainao, sy teo amin'ny fiainanao. Dia miverena amin'izany.

Ary inona ilay hoe miverina? Ny làlana dia ny làlan'ny fibebahana. Raha misy mpanota dia tsy maintsy manantona an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana, ny matimaty na mihemotra dia tsy maintsy mibebaka mafimafy kokoa. Mibebaha! Mamoaha voa mendrika ny fibebahana. Aoka izany hiseho amin'ny fiainanao. "Raha tsy mibebaka ianao," hoy Andriamanitra, "dia hanaisotra ny fitoeran-jironao Aho." Tena marina izany. Ny fiangonana amin'izany toetra izany dia tsy afaka manome fahazavàna ho an'izao tontolo izao. Ny fahazavàny dia lasa maizina. Nesorin'Andriamanitra ny iraka mahatoky tao aminy sy mpiandry ondry mahatoky ka namela azy ireo amin'izay tiany Izy, ka dia mitohy miresaka momba ny Fivavahana Kristianina izy ireo, kanefa namoy izany.

Mibebaha faingana! Aza misalasala! Azo inoana fa i Efesosy nisalasala, satria ny androm-piainany dia tsy ela be. Ny voninahitr'Andriamanitra nihena haingana dia haingana. Tsy ela akory ny tanàna dia rava. Ny tempoly be voninahitra lasa zavatra tsy misy endrika. Ny tany lasa honahona hitoeran'ny vorona; Lasa ny mponina afa-tsy ireo tsy mpino vitsivitsy ao amin'ny tanàna maloto. Tsy nisy na dia kristiana IRAY akory aza tavela. Ny fanaova-jiro potika niala amin'ny fitoerany.

Ary tsy midika akory izany fa tsy ho afaka nibebaka izy. Tsy midika fa tsy afaka mibebaka isika. Afaka ataontsika. Saingy tsy maintsy haingana. Tsy maintsy fo marina mitaraina amin'Andriamanitra amin'ny alahelo, ary avy eo Andriamanitra no mamerina. Ny voninahitra dia ho avy indray.

NY TARANAKY NY NIKOLAITANISMA.
Apokalypsy 2:6, "Kanefa izao no anananao, halanao ny asan'ny ny Nikolaita, izay halako koa."
Ary misy hevitra roa ny amin'ny Nikolaita. Misy milàza fa izy ireo dia vondrona nivadi-pinoana, izay nanana ny mpanorina azy ireo, Nicholas avy any Antiokia, proselyta, izay lasa iray tamin'ireo diakona fito tany Jerosalema. Nanao fety amin'ny fanompoan-tsampy izy ireo, ary tsy mahalala menatra mihintsy eo amin'ny fitondran-tenany. Nampianatra izy ireo fa mba hifehezana ny fifalian'ny nofo dia tsy maintsy efa nanandrana ny rehetra tamin'izany ny olona iray. Mazava ho azy fa nomeny vahana ny fomba toy izany ka feno ny fietreny. Dia toy izany no nampiharana tamin'izy ireo ny anarana roa tao amin'ny Testamenta Taloha izay maneho ny fandanindaniam-poana dia Balama sy Jezebela. Koa satria Balama nandoto ny olona ary dia nifehy azy ireo avy eo, voalaza fa Nicholas dia nanao toy izany koa. Ity vondrona ity dia noterena hiala tany Efesosy ary dia nahita toerana nipetrahana tany Pergamosy.

Fa ny olana momba io finoana io dia satria tsy marina izany. Tsy misy tantara tena mirakitra izany. Fomban-drazana no tsara indrindra ilazàna izany. Ny fanarahana ny fomba fijery toy izany dia manao ny vanim-potoan'ny fiangonana Efesosy ho tena tantara tsy misy fiantraikany amin'izao fotoana izao. Tsy marina izany, satria na inona na inona nanomboka tao amin'ny fiangonana tany am-boalohany dia tsy maintsy mitohy amin'ny taona rehetra mandra-pahatongany ho voatahy sy asandratr'Andriamanitra na potika toy ny zavatra maloto ao amin'ny farihy afo. Fa ity fomban-drazana ity raha ny marina dia manohitra ny Soratra Masina, mariho fontsiny ao amin'ny Apokalypsy 2:2, ny Fiangonana Efesosy TSY AFAKA MIZAKA ireo ratsy fanahy.

Noho izany izy ireo dia tsy maintsy namoaka ireny ho any ivelany, raha tsy izany dia tsy misy dikany ny hoe tsy afaka mizaka azy ireo. Ary ny amin'ny andininy faha enina dia milaza fa nankahalan'izy ireo ny asany. Koa io vondrona Nikolaita io no anisan'ny tao amin'ny taom-piangonana voalohany, nanao ny asany. Ny asa halany, fa ny olona tsy nidika hoe nalemy. Noho izany hitantsika ny voa tany Efesosy fa nitohy sy ho tonga foto-pampianarana izay handeha hatrany, sy ho any amin'ny farihy afo.

Iza moa ireo Nikolaita ireo? Ny teny dia avy amin'ny teny Grika roa. Nikao, izay midika hoe mba handresy, sy Laos, izany hoe ny mpivavaka tsotra. Raha ny marina dia nisy olona nanao zavatra tao amin'io fiangonana voalohany io izay nifehy ny mpivavaka tsotra. Raha resy ny laika dia tsy maintsy "fahefana" nanao izany.

Inona izany zavatra tsy tian'Adriamanitra nitranga tao am-piangonana izany? Inona no mitranga tao, ary mbola mitohy amin'izao fotoana izao, izany mihitsy no dikan'ny ny teny hoe Nikolaita. Ny olona manaiky amin'ny fomba izay tena mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Ankehitriny mba ahazoana ny tena dikan'ny zavatra efa hidirantsika, tsy maintsy mampitandrina anareo aho mba hisainanareo fa ny fivavahana (zavatra ara-panahy, raha tianareo), dia ahitàna lafiny roa izay mifamatotra fa mifanohitra tahaka ny mainty sy ny fotsy. Ny fivavahana sy ny tontolon'ny fanahy dia vita tamin'ireo hazo roa ireo, izay nanana ny fakany tao Edena. Ny Hazon'Aina sy ny Hazo Fahalalana ny Tsara sy ny Ratsy dia samy nijanona teo afovoan'ny saha ary azo antoka fa ny sampany dia nifamatopatra tao. Araka izany, tamin'ny Fiangonana Efesosy dia zavatra roa mifanohitra tahaka izany ihany. Ny fiangonana dia vorafitry ny tsara sy ny ratsy. Voaloboka roa no manao ny fiangonana. Izy ireo toy ny vary sy ny tsimparifary, mihalehibe mifanila. Nefa ny iray ihany no MARINA. Ny hafa dia SANDOKA. Ary ankehitriny Andriamanitra dia hiteny AMIN'NY tsirairay ary hiresaka MOMBA ny tsirairay. Izy no hiantso azy ireo hoe fiangonana. Ary ny olom-boafidy ihany no tena hahafantatra hoe iza no tena Fanahy marina. Ny olom-boafidy ihany no tsy ho voafitaka. Matio 24:24, "Fa hisy Kristy sandoka hitsangana, ary mpaminany sandoka, ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, hany ka, raha azo natao, dia hamitaka ny tena olom-boafidy aza." Noho izany raha hiverina any amin'ny fiangonana tany am-boalohany (fotoana fohy taorian'ny Pentekosta) ny voaloboka sandoka dia namatotra ny tenany manodidina ny Tena Voaloboka ary dia hitantsika ireo asan'ny Nikolaita. Ary io fanahy io dia ho hita miady amin'ny Tena Voaloboka mandra-pamotehan'Andriamanitra azy. Ankehitriny azonareo ve ilay izy?

Eny ary. Inona ary izany ny toe-panahy teo amin'io fiangonana io? Nilaozany ny fitiavana voalohany. Ny fialàna ny fitiavana voalohan'ny Tenin'Andriamanitra dia ambara amintsika toy ny nilatsahany tamin'ny foto-piandohany, dia ny Pantekosta. Amin'ny teny gasy mazava, izany dia midika hoe ity fiangonana ity dia tandindomin-doza amin'ny fanesorana ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ny famehezan'ny Fanahy. Izany mihitsy no nitranga rehefa avy nentin'i Mosesy nivoaka avy tany Egypta ny Israely. Ny lalan'Andriamanitra dia ny hitarika azy ireo amin'ny rahona sy afo, faminaniana, fahagagana sy famantarana, ary zava-mahatalanjona nomen'Andriamanitra. Izany dia tsy maintsy tanterahana amin'ny alalan'ireo olona "Voafidin'Andriamanitra", ary: "Voatendrin'Andriamanitra", ary: "Feno fitaovana avy amin'Andriamanitra", ary: "Nirahin'Andriamanitra", miaraka amin'ny toby manontolo hanjakan'ny hetsiky ny Fanahy Masina. Nikomy izy ireo ary naniry ny hametraka fitsipika sy fanekem-pinoana handehanany. Avy eo dia naniry ny ahazo mpanjaka. Izy ireo dia te hitovy tanteraka amin'izao tontolo izao ary dia lasa tanteraka any amin'ny fivadiham-pinoana sy fanadinoana. Izay no mamaritra mazava tsara momba ny nanombohan'ny vanim-potoan'ny fiangonana voalohany, ary io dia miharatsy kokoa, mandra-pahatongan'ny Fanahy Masina ho lavina tanteraka sy ny tsy maintsy handringanan'Andriamanitra ny olona.

Jereo ny fomba nanombohany avy ao amin'ny fiangonana tany am-boalohany. Nantsoina hoe asa izy tany amboalohany. Avy eo dia lasa foto-pampianarana. Lasa ny fitsipika. Lasa lalana tsy niviliana. Naka fahefàna izy ny farany, ary Andriamanitra natosika niala. Oh, tena kely dia kely no niatombohany, nangingina, tsy nahatahorana.Tena tsara ny fijery azy. Toy ny tena marina. Avy eo izy dia namahatra, tahaka ny bibilava be (python), notereny ny fofon'aina dia novonoiny izay ara-panahy rehetra teo amin'ny fiangonana. Oh, io voaloboka sandoka io dia fetsy ratsy. Izy dia tahaka ny anjelin'ny fahazavàna mandra-pamatorany anao. Ary

tiako ny milaza fa mino aho amin'ny fitarihana. Fa tsy ny fitarihan’ny olona no hinoako. Mino ny fitarihan’ny Fanahy Masina aho avy amin'ny alalan'ny Teny. Mino koa aho fa Andriamanitra nanendry olona ao amin'ny fiangonana, lehilahy manana fanomezam-pahasoavana avy amin’ny Fanahy; ary izy ireo dia hampilamina ny fiangonana. Mino izany aho. Mino koa aho fa ny fiangonana dia fehezin’ny olona izay nalefan’Andriamanitra hiandraikitra an’izany. Fa izany fitsipika izany dia AVY AMIN’NY ALALAN’NY TENY, noho izany dia tsy olona no tena mitondra fa ny FANAHIN'ANDRIAMANITRA, satria ny Teny sy ny Fanahy dia IRAY ihany. Hebreo 13:7, “Tsarovy ireo izay mpitondra anareo, izay efa niteny taminareo ny Tenin'Andriamanitra: araho ny finoany, hevero ny niafaran'ny ny resaka ataony."

Fa jereo ny zava-nitranga indray tao. Ilay voaloboka sandoka dia namahatra ary nampianatra fa ny fitondran’ny olona no marina. Nampianatra izy fa ny fiangonana dia tsy maintsy fehezina. Nampianatra ny fomba fanaraha-maso ny olona izy, raha tokony ny lalan’Andriamanitra no nanaovana izany, izy ireo dia naka fahefana tsotra izao ary dia naka ny fahefan’ny fanahy rehetra teo ampelan-tanany, dia nivoaka ho mpisorona masina mijoro eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Niverina tamin’ny rafitry Aarona taloha indray izy ireo. Lasa antikristy izy ireo satria naka ny maha mpanelanelana Azy, ary nametraka ny azy ireo. Andriamanitra nankahala izany. Ny Efesianina nankahala izany ary ny mpino tena marina dia hankahala azy io koa. Tsy maintsy ho tena jamba isika raha tsy mahita ny toy izany miasa amin’ny vanim-potoana ary amin’izao fotoana izao dia ny ratsy indrindra amin’ny rehetra. Inona ary ilay izy, fikambanana. Izay nampisaraka ny olona. Ny olon’Andriamanitra dia tokony ho iray. Fanahy IRAY ihany no nanaovana batisa azy REHETRA tao amin’ny vatana iray, ary ny olona rehetra dia tsy maintsy entanin'ny Fanahy Masina ary ny olona REHETRA tsy maintsy mandray anjara amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Saingy ny olona te hanambony ny tenany, noho izany dia naka ny famehezana izy ireo, ary ny eveka dia tonga arseveka, ary amin’ny fametrahana anaram-boninahitra, nolalovany ny Tenin'Andriamanitra ka fotom-pampianarana no nampianariny. Azon’izy ireo ny olona mba hankatò azy mandra-pahatongan'ny fotoana izay ny fomba fanompoam-pivavahany amin'ny lafiny rehetra dia tsy mitovy amin’ny tany am-boalohany taorian'ny Pentekosta. Ireo asa ireo no fiandohan'ny fifandimbiasana maha-apôstôly. Avy amin'ny fifandimbiasana maha-apôstôly dia mora sy haingana ny dingana ho "mpikambana amina fiangonana" ho toy ny fitaovana famonjena amin’ny fahasoavana. Ny Teny dia nihena ho amin'ny fanekem-pinoana. Ny fanahin’ny antikristy dia nanjaka tao amin’ny fiangonana.

Jereo izany amin'izao andro izao. Raha mamaky ny Asan'ny Apostoly 2:4 ianao araka ny fanaon’ny-sasany, dia mety ahita izany tahaka izao, "Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia nisy mpisorona miaraka amin'ny mofo manify ka nanao hoe: ‘Atrangao ny lela,’ ary nametraka ny mofo manify teo izy, ary izy tenany kosa nisotro divay ka nanao hoe: ‘efa nandray ny Fanahy Masina ianao izao.' " tsy mampino? Izany indrindra ny nataon’ny Nikolaita. Hoy izy ireo hoe: "Tsy mampaninona izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy afaka ny hahatakatra izany ianareo. Tsy maintsy adikanay aminareo ny heviny. Ankoatr’izany ny Baiboly dia tsy mbola vita. Tsy maintsy miova miaraka amin’ny fotoana io ary holazainay aminareo ireo fanovana ireo." Izany dia tena mifanohitra amin’ny Tenin'Andriamanitra izay hentitra milaza hoe: "Aoka Andriamanitra no ho marina, fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga," isaky ny misy fifanoherana amin'ny fahamarinana. Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa tsy misy tenin'Andriamanitra NA DIA IRAY AZA tsy ho tanteraka. Ary noho izany ny olona dia tarihin'ny olona izay sahy mihevi-diso ho an’ny tenany. Izy ireo milaza ny tenany ho solotenan'i Kristy, kanefa izy ireo dia antikristy.

Ity misy tantara iray hafa mampalahelo. Ny tantaran’ny batisan’ny rano. Tamin'ny andron'i Jesosy taorian'ny Pantekosta dia naroboka tao anaty rano izy ireo. Tsy misy olona afaka mandà izany. Ny nahita fianarana dia milaza fa ny nataon’izy ireo dia nandraraka rano tamin’izy ireo satria hono mora ny mahita lavaka kely misy rano etsy sy eroa. Ary rehefa nandraraka rano taminy izy, dia nanao izany tamin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, toy ny milaza hoe ireo anaram-boninahitra ireo dia tena anarana, ary tahaka ny milaza ihany koa fa misy Andriamanitra telo fa tsy iray monja. Fa mitoera anie ao amin'izany fikambanana izany dia miezaha mitory ny fahamarinana ny amin’ny firobohana lalina anaty rano amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo, dia ho voaroaka ao ianao. Raha Andriamanitra no mitarika anao dia tsy tafa-toetra ao ianao. Tsia.

Ary Paoly dia mpaminany, nampianarin'ny Fanahy Masina. Raha i Paoly nanao batisa tamin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ka nanao hoe: na iza na iza mitory zavatra hafa noho izao amin’ny fitoriany dia voaozona, noho izany dia izao no fotoana hifohazana sy hijerena fa ny fiangonana dia tsy fehezin'ny Fanahy Masina intsony, fa fehezin'ny Nikolaita. Asan'ny Apostoly 20: 27-30, "Fa tsy nafeniko anareo, fa notoriko taminareo avokoa ny saina rehetra natolotr'Andriamanitra. Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny ràny. Fantatro fa rehefa lasa aho dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo izay tsy hiantra ny ondry. Ary avy aminareo no hiposahan'ny olona sasany mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy. Ary avy aminareo no hisy olona hitsangana, miresaka zava-dratsy, mba hitaona mpianatra hanaraka azy."

Nahita izany ho avy i Paoly. Nampitandrina azy ireo momba izany fisoronana an-kolaka izy izay ho avy ary hanapaka miaraka amin’ny fampianaran-disony. Fantany izy ireo fa hampihatra fomba fanompoam-pivavahana izay hanilika ny olona manana anjara amin'ny asa fanompoana ao amin’ny Fanahy Masina. Eny fa na ankehitriny aza eo amin’ireo izay mitompo teny fantatra fa afaka ary feno ny Fanahy dia tsy misy loatra ny fahalalahana eo amin'ny mpivavaka tsotra, ary ny tsara indrindra azontsika jerena dia mpitory vitsivitsy manana tsindrimandry, ary ireo ondry dia mipetraka tsara sy miezaka mandray izany. Izany dia antso lavitra nataon’i Paoly, izay nilaza fa rehefa tafangona ny rehetra dia manana ny fitarihan’ny Fanahy avokoa, ary ny rehetra nandray anjara tamin'ny fanompoam-pivavahana ara-panahy.

Ary ny fikambanamben’ny fiangonana dia tsy nianatra ity lesona ity avy amin'ny Soratra Masina, na avy amin'ny tantara. Isaky ny mamangy amin’ny alalan’ny Fanahy Masina Andriamanitra ary ny olona afaka mamantatra ny tenany amin’izay nivoahany indray. Rehefa nivoaka avy tao amin’ny Katolika Luther, Fivavahana Katolika, dia afaka aloha ny olona nandritra ny fotoana fohy. Fa nony maty izy, dia nalamin’ny olona izay noheverin’izy ireo fa ninoany ka natsangany ny fanekem-pinoana sy ny heviny ary nesoriny ireo olona milaza zavatra mifanohitra amin’izay lazain’izy ireo. Niverina mahitsy tany amin’ny Katolika indray izy ireo tamin’ny endrika somary hafa. Ary ankehitriny dia maro ny Loteranina vonona handeha amin'izany lalana miverina izany.

Oh, eny! Ao amin'ny Apokalypsy 12, ilay vehivavy janga taloha dia nanana zanakavavy maro. Ireo zazavavy ireo dia toy ny reniny ihany. Napetrany teo an-kilany ny Teny, nandà ny asan'ny Fanahin'Andriamanitra, nifehy ny mpivavaka tsotra, ka manao izay tsy ahafahan’ny mpivavaka tsotra manompo an'Andriamanitra raha tsy amin’ny alalan'izy ireo, na amin'ny alalan'ny rafitra apetrany, izay tsy inona fa ny rafitra ny tsy finoana avy amin'i Satana mihitsy.

Aiza, aiza ary, ara-panahy ve isika? Any an’efitra ny aizina isika. Aiza ho aiza ny halavitan’ny firenirenentsika hatramin'ny fiangonana voalohany. Tsy hita ny Pantekosta sy ny Teny. Fifandimbiasana maha-apôstôly, izay miha-maro amin’izao, dia tsy hita ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Izany dia fitaovana nataon’ny olona. Izany dia manolo tsy ara-dalàna ny fahamarinana fa ANDRIAMANITRA, FA TSY OLONA, no mametraka ny mpitondra ao am-piangonana. Petera dia tsy mbola tany Roma. Nefa mandainga izy ireo ary milaza fa tany izy. Ny tantara dia manaporofo fa tsy tany izy. Maro ny olona mamaky tantara, fa mampiaka-tsoroka ary miverina mino lainga. Aiza no ahitanao ny: solontenan'ny Kristy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra? Tsy misy olona afaka maka ny Toerany kanefa nataony izany ary neken’ny olona. Aiza no ahitanao fa izany ‘fanambarana fanampiny’ izany dia eken'Andriamanitra, indrindra fa ny fanambaràna mifanohitra amin'ny iray efa nomena? Nefa izy ireo manaiky izany ary mitoetra eo aminy. Aiza no ahitanao ny `afo fandiovana'? Aiza no ahitanao ny `lamesa'? Aiza no ahitanao fandoavam- bola mba hialàna ny fankanesana any amin'ny helo"? Tsy ao amin'ny Teny izany, fa ny olona no manao izany ao amin’ny bokiny ary avy amin’ny alalan’izany no hitondrany ny olona amin'ny tahotra. Aiza no ahitanao fa ny olona dia manana fahefana hamela antsika tahaka ny hoe Andriamanitra izy'? "Amboadia masiaka," dia somary mafimafy ihany raha izany no ilazàna azy ireo. Nikolaita. Fikambanana. Olona mifehy olona.

Miverena amin'Andriamanitra. Mibebaha dieny mbola tsy tara loatra. Jereo ilay sora-tanana teo amin'ny rindrina. Io dia soratra fitsarana. Raha nozimbazimbaina ny fanaka masina dia nahatonga ny

fahatezeran'Andriamanitra, ankehitriny ny Teny masina efa nozimbazimbaina, ary ny Fanahy malahelo, ary ny fitsarana eto, eny eo am-baravarana. Mibebaha! Mibebaha! Mandehana miverina any amin'ny Pantekosta. Miverena amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Miverena amin'ny Tenin'Andriamanitra, fa nahoana no ho faty ianao?

NY FEON'NY FANAHY.
Apokalypsy 2:7, "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana; Izay maharesy dia havelako hihinana amin'ny Hazon'Aina, izay ao afovoan'ny paradisan'Andriamanitra." "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana." Mety ho olona an-tapitrisany no hihaino izany teny izany, na mamaky azy ireo. Kanefa firy no hitandrina izany? Tsy fantatsika izany. Fa izay no hanongilanana ny sofina, ary izay te-hahafantatra ny tenin'ny fahamarinana dia hahita ny Fanahin'Andriamanitra hampahazava azy. Raha misokatra ho amin'ny Teny ny sofinao, ny Fanahin'Andriamanitra dia hahatonga ny Teny tena ho marina aminao. Ary izany dia asan'ny Fanahy. Izaho afaka mampianatra anareo ny marina, fa raha tsy manokatra ny sofinareo hihaino izany ianareo ary ny fonareo mba handray azy, dia tsy ho azonareo ny fanambaràna.

Ankehitriny ary dia mariho tsara, milaza io fa ny Fanahy dia miresaka amin'ny fiangonana. Izany dia maro, fa tsy tokana. Ny Fanahy dia tsy nampanoratra an'i Jaona ho an'ny fiangonana eo an-toerana tao Efesosy, na ho an'ny vanim-potoana voalohany ihany. Izany dia ho an'ny taom-piangonana rehetra. Fa io no fiangonana fanombohana. Ary noho izany io dia tahaka ny Bokin'ny Genesisy. Izay nanomboka tamin'ny Genesisy dia mihazona ny marina amin'ny Teny manontolo ary mifarana ao amin'ny Apokalypsy. Noho izany, ity fiangonana manomboka tao amin'ny Asan'ny Apostoly ity dia ny rafitr'Andriamanitra ho an'ny sokajin-taona rehetra mandra-pifarany ao amin'ny vanim-potoanan'i Laodikia. Jereo akaiky tsara izany. Aoka ny vanim-potoana rehetra hitandrina, fa ny zava-mitranga eto dia ny fanombohany ihany. Ilay hazo kely izay nambolena dia hitombo. Izany dia hitombo hamakivaky ny vanim-potoana rehetra. Izany no hafatra ho an'ny Kristianina rehetra amin'ny vanim-potoana rehetra mandra-pahatongan' i Jesosy. Eny, izany, fa ny Fanahy no miteny. Amen.

NY VALISOA NAMPANANTENAINA.
Apokalypsy 2:7, "... Izay maharesy dia havelako hihinana amin'ny Hazon'Aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra." Izany no valisoa ho avy ho an'ireo rehetra maharesy amin'ny sokajin-taona rehetra. Rehefa maneno ny antso farany amin'ny ady, rehefa napetraka ny fiadiantsika, dia hitsahatra ao amin'ny paradisan'Andriamanitra isika, ary ny anjarantsika dia ny Hazon'Aina, mandrakizay.

"Ny Hazon'Aina." Moa ve tsy sarin-teny tsara tarehy izany? Izany dia voalaza intelo ao amin'ny bokin'ny Genesisy, ary in-telo ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy. Ao amin'ireo toerana enina ireo dia ilay hazo iray ihany izy maneho zavatra mitovy.

Fa inona moa ilay Hazon'Aina? Eny, voalohany indrindra dia tsy maintsy tokony mahafantatra isika ny antony ijoroany. Ao amin'ny Nomery 24:6, tamin'i Balama namaritra ny Isiraely, dia hoy izy "hazo manitra izay efa nambolen'ny Tompo." Ny hazo manerana ny Soratra Masina dia entina hilazana olona, toy ny ao amin'ny Salamo 1. Araka izany ny Hazon'Aina dia tsy maintsy ho ilay Olona amin'ny Fiainana, ary izany dia i Jesosy.

Ary tao amin'ny Sahan'i Edena dia nisy hazo roa nitsangana teo afovoaniny. Ny iray dia ny Hazon'Aina, ny iray dia ny Hazo Fahalalana ny Tsara sy ny Ratsy. Ny olona dia natao hiaina amin'ny Hazon'Aina; fa tsy tokony hikasika ilay hazo hafa fandrao ho faty. Fa ny olona nihinana tamin'ilay hazo hafa, ary rehefa nataony izany, niditra tao aminy ny fahafatesana noho ny fahotàny, ary dia lasa tafasaraka tamin'Andriamanitra izy.

Eto ary, ilay Hazo tany Edena, ilay Hazo izay loharanon'aina, dia Jesosy. Ao amin'ny Jaona, toko faha-enina ka hatramin'ny faha-valo, i Jesosy dia maneho ny Tenany tahaka ny loharanon'ny fiainana mandrakizay. Ary niantso ny Tenany ho ilay mofo avy any an-danitra Izy. Niresaka ny fanomezany Tenany Izy ka raha misy

olona mihinana Azy dia tsy ho faty mandrakizay. Nanambara Izy fa nahalala an'i Abrahama, ary talohan'i Abrahama, dia efa NISY Izy. Naminany Izy fa Izy Tenany mihitsy no hanome azy ireo rano velona, ka raha misy olona misotro dia tsy hangetaheta intsony, fa ho velona mandrakizay. Naneho ny Tenany ho ilay IZAHO LEHIBE Izy. Izy no Mofon'Aina, ny Loharanon' ny Fiainana, Ilay Mandrakizay Iray, ilay HAZON'AINA. Izy ilay tao Edena teo afovoan'ny saha eny tahaka ny maha eo afovoan'ny paradisa'Andriamanitra Azy.

Misy mihevitra fa ireo hazo roa tao amin'ny saha dia hazo nisy teo ihany tahaka ny sisa rehetra izay efa napetrak'Andriamanitra tao. Fa ny mpianatra mandalina dia mahalala fa tsy mba toy izany ilay izy. Rehefa nanao antso avo Jaona Mpanao-Batisa fa ny famaky dia mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo rehetra, tsy ny hazo voajanahary fotsiny no tiany ambara, fa toro-lalana ara-panahy. Ary ao amin'ny 1Jaona 5:11 dia milaza hoe: "Ary izao no FANAMBARANA, dia Andriamanitra efa nanome antsika fiainana mandrakizay, ary izany fiainana izany dia ao amin'ny Zanany." Hoy i Jesosy ao amin'ny Jaona 5:40 hoe: "Ary ianareo tsy mety manatona Ahy, mba hahazoanareo ny fiainana." Noho izany ny firaketana an-tsoratra ny Tenin'Andriamanitra dia milaza mazava tsara fa ny NY FIAINANA MANDRAKIZAY, dia eo amin'ny Zanaka. Tsy misy toerana hafa. 1Jaona 5:12. "Izay manana ny Zanaka no manana ny FIAINANA, ary izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra dia tsy manana ny fiainana." Ary satria ny firaketana an-tsoratra tsy afaka ovàna, hanalàna na anampiana, noho izany ny rakitsoratra dia mitsangana fa ny FIAINANA DIA AO AMIN'NY ZANAKA ... satria izany no izy, ILAY HAZO TAO AMIN'NY SAHA DIA TSY MAINTSY I JESOSY.

Eny ary. Raha ilay Hazon'Aina dia olona, noho izany ilay Hazo Fahalalana ny Tsara sy ny Ratsy dia olona KOA. Tsy mety ho zavatra hafa. Noho izany ilay Marina sy ilay Ratsy fanahy dia nitsangana nifanila teo afovoan 'ny Saha Edena. Ezekiela 28:13a "Ianao (Satana) Efa tany Edena, sahan'Andriamanitra."

Eto no handraisantsika ny fanambaràna marina momban'ny 'Taranaky ny Menarana.' Ity no tena zava-nitranga tao amin'ny Saha Edena. Ny Teny milaza fa i Eva nangolen'ny menarana. Izy dia tena voafitaky ny menarana. Izao no voalaza ao amin'ny Genesisy 3:1 "Ary ny menarana dia fetsy noho ny biby any an-tsaha izay nataon'i Jehovah Andriamanitra." Io biby io dia tena manakaiky ny olombelona (nefa dia tena biby) ary afaka mieritreritra sy miresaka. Ary izy koa dia biby mijoro ary somary eo anelanelan'ny rajako sy ny olona, fa manakaikikaiky kokoa ny olona. Tena akaiky ny maha olona izy ka ny tsirin'ainany dia afaka nifangaro tamin'ny an-dravehivavy ka nahatonga azy hitoe-jaza. Rehefa nitranga izany, nozonin'Andriamanitra ny menarana. Novany ny taolana rehetra tao amin'ny menarana ka tsy maintsy nandady toy ny bibilava izy. Ny siansa dia afaka manandrana izay rehetra tiany atao, ary dia tsy hahita fanazavàna hafa. Andriamanitra nahita izany. Ny olona dia marani-tsaina ary afaka mahita ny fikambananan'ny olona amin'ny biby, ary dia miezaka manaporofo izany amin'ny evolisiona (fiovàna). Tsy misy ny evolisiona. fa ny olona sy ny biby no nifangaro. Izay dia iray amin'ireo misiterin 'Andriamanitra izay nijanona niafina, fa eto dia ambara. Nitranga tao afovoan'i Edena izany rehefa niala tamin'ny Fiainana i Eva ka nanaiky ny Fahafatesana.

Mariho izay nolazain'Andriamanitra taminy tao amin'ny saha. Genesisy 3:15, "Ary hampifandrafesiko ianao sy ravehivavy, ary ny taranakao sy ny Taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony." Raha manome lanja ny Teny isika fa ravehivavy dia nanana Taranaka, dia ny menarana koa tsy maintsy nanana taranaka. Raha ny taranaky ravehivavy dia zazalahy fa-tsy tamin'ny lehilahy, dia ny taranaky ny menarana koa dia ho tahaka izany, dia lehilahy iray hafa tsy maintsy teraka fa-tsy avy amin'ny lehilahy olombelona. Tsy misy mpianatra izay tsy mahalala fa ny taranaky ilay vehivavy dia Kristy izay tonga tamin'ny fitaovana'Andriamanitra, fa-tsy ny firaisan'ny nofo. Izany ihany koa no ahafantarana fa ny fanorotoroana ny lohan'ilay menarana dia ny faminaniana marina momba ny zavatra notanterahin'i Kristy hanoherana an'i Satana teo amin'ny hazo fijaliana. Teo amin'ny hazo fijaliana i Kristy dia nanorotoro ny lohan'i Satana, raha i Satana kosa nanorotoro ny ombelahin-tongon'ny Tompo.

Izany ampahany amin'ny Soratra Masina izany dia ny fanambaràna ara-bakiteny ny namafazana ny taranaky ny menarana tety amin'ny tany, toy ny zavatra voantantara ao amin'ny Lioka 1:26-35, izay mamoaka ny fomba nipoiran'ny Taranak'ilay vehivavy ara-batana izay tsy avy amin'ny fitaovan'ny lehilahy olombelona. "Ary tamin'ny fahenim-bolana dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any an-tanàna anankiray any

Galilea atao hoe Nazareta,ho any amin'ny virijina anankiray, izay voafofo ho vadin'ny lehilahy atao hoe Josefa, avy tamin'ny taranak'i Davida; ary ny anaran'ny virijina dia Maria. Ary nony niditra tao aminy ilay anjely, dia nanao hoe: Arahaba, ry ilay nohasoavina, ny Tompo momba anao: voatahy ianao amin'ny vehivavy. Ary nony nahita azy izy dia taitra noho ny teniny ka nieritreritra izay tokony ho hevitr'izany fiarahabana izany. Ary hoy ilay anjely taminy: Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin'Andriamanitra ianao. Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka Zazalahy, ary ny Anarany dia hataonao hoe JESOSY. Izy ho lehibe ary hatao hoe ilay Zanaky ny Avo Indrindra; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan'i Davida rainy; ary Izy hanjaka amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay; ary ny Fanjakany tsy hanam-pahataperana. Ary hoy Maria tamin'ilay anjely: Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho? Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary ny herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay haterakao dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra." Ary satria ny taranaky ravehivavy ara-bakiteny dia Andriamanitra miteraka ny Tenany amin'ny olombelona nofo, noho izany koa ny taranaky ny menarana dia ny fomba ara-bakiteny hitan'i Satana nahafahany nanokatra ny varavarana ho an'ny tenany ho amin'ny taranak'olombelona. Sarotra ho an'i Satàna ny (satria izy fanahy NOFORONINA) ny miteraka ny tenany tahaka ny niterahan'Andriamanitra ny Tenany, noho izany ny Genesisy dia milaza ny fomba namoahany ny taranany sy nampidirany, na nanatsofohany izany teo amin'ny taranak'olombelona. Ary tsarovy koa fa i Satana no antsoina hoe: 'menarana.' Izany dia ny taranany, na tsindrona nalefa tao anatin'ny olombelona izay noresahantsika.

Talohan'ny nanan'i Adama fahalalana ara-nofo momba an'i Eva, ny menarana dia efa nanana izany fahalalana izany talohany. Ary ilay iray teraka tao anatin'izay dia Kaina. Kaina dia ilay (nateraky) "Ilay Ratsy". 1John 3:12. Ny Fanahy Masina tao amin'i Jaona amin'ny toerana iray dia tsy afaka niantso an'i Adama hoe "Ilay Ratsy" (fa izany no izy raha izy no niteraka an'i Kaina) ary ao amin'ny toerana hafa manao an'i Adama hoe "Zanak'Andriamanitra", tamin'ny famoronana. Lioka 3:38. Kaina dia niseho tamin'ny toetran'ny rainy, mpitondra fahafatesana, mpamono olona. Ny fihantsiany tanteraka an'Andriamanitra, rehefa niatrika ny Tsitoha ao amin'ny Genesisy 4:5,9,13,14, dia mampiseho azy ho tena tahaka ny olona eo amin'ny toetra, tahaka ny mihoatra nohon'ny tantara ao amin'ny Soratra Masina ananantsika ny momban'ny fifandonan'i Satana amin'Andriamanitra." Fa Kaina mbamin'ny fanatiny kosa tsy mba nankasitrahany. Dia tezitra indrindra Kaina, sady nanjombona ny tarehiny. Ary hoy Jehovah tamin'i Kaina: Aiza Abela rahalahinao? Fa hoy izy: Tsy fantatro; izaho anagha no mpiandry ny rahalahiko? dia hoy Kaina tamin'ny Tompo, ny saziko dia mihoatra noho izay zakako. Indro, efa nandroaka ahy Ianao androany tsy ho ambonin'ny tany, dia hiery tsy ahita ny Tavanao aho, ary ho mpanjenjena sy mpirenireny eny ambonin'ny tany, ary izay rehetra mahita ahy dia hamono ahy."

Mariho ny fomba firaketana an-tsoratra avy amin'Andriamanitra nanazavàna ny tantaran'ny nahaterahan' i Kaina, Abela sy Seta. Genesisy 4:1, "Ary Adama nahalala an'i Eva vadiny, dia nanan'anaka ravehivavy, ka niteraka an'i Kaina, ary hoy izy: Efa nahazo zazalahy avy amin'ny Tompo aho. Ary avy eo izy dia niteraka an'i Abela rahalahiny koa." Genesisy 4:25, "Ary Adama nahalala ny vadiny indray, ka dia niteraka zazalahy, ary ny anarany nataony hoe Seta ..." Misy zazalahy TELO teraka tamin'ny asa ROA araka ny fahalalana ara-nofo avy amin'i Adama. Koa satria ny Baiboly no marina sy Tenin'Andriamanitra tonga lafatra, tsy diso io fa firaketana an-tsoratra ho an'ny fahazavantsika. Ary satria zaza TELO lahy nateraky ny asa roa nataon'i Adama, fantatrareo TSARA fa ny IRAY amin'ireo telo ireo dia TSY zanak'i Adama. Andriamanitra efa nanoratra izany amin'ity fomba ity mba hanehoana zavatra ho antsika. Ny fahamarinan'izany dia ny hoe Eva dia nanana zaza ROA lahy tao an-kibony (kambana) avy amin'ny vohoka SAMIHAFA. Nitondra kambana izy, i Kaina no talohan'ny nanorotorona an'i Abela. Jereo indray ireo KAMBANA ireo. Tena karazana toy ny mahazatra. Ho an'ireo izay mihevitra fa tsy marina izany, dia aoka ho fantatra fa ny rakitsoratry ny fitsaboana dia betsaka amin'ny tranga izay misy vehivavy mitondra Zaza Kambana izay misaraka mandritra ny andro maro ny tranon-jaza sy ny tsirinaina mahatonga ny atody, ARY TSY IZANY IHANY, fa ny sasany amin'ireo rakitsoratra dia mampiseho fa nisy zaza kambana nateraka lehilahy samihafa. Vao haingana, vaovao manerantany mikasika ny nanomezana ilay reny Norveziana izay nitory ny vadiny mba hiahy ny tenany sy ny zanany kambana, ny iray izay fotsy ary ny iray mainty. Niaiky izy fa nanana sakaiza mainty. Ny nisian'ireo tao ambohoka dia tokony ho telo herinandro ny elanelany. Tao Beaumont, Texas, tamin'ny 1963, mbola

nampiseho fiterahana miaraka indray ny rakitsoratra izay nisy andro maro ny elanelanelan’ny fitondràna ny vohoka, ka nahatonga ilay vehivavy saiky maty niaraka tamin'ny zaza iray teo am-piterahana.

Nahoana ary no tsy maintsy ho tahaka izany ny fisehony? Nahoana ny taranaky ny menarana no tsy maintsy tonga tahaka izany? Ny olona dia tsy maintsy ho tokony tempolin’Andriamanitra. Ny toerana fitsaharan'Andriamanitra (ny Fanahy Masina) dia ny olona, ny tempoly. Asan'ny Apostoly 7:46-51, "izy nahita fitia anatrehan'Andriamanitra ka nangataka hahita trano ho an'Andriamanitr'i Jakoba. Fa Solomona kosa no nanao trano ho Azy. Kanefa ny Avo Indrindra tsy mitoetra ao amin'izay nataon-tànan'olona; araka ny nolazain'ny mpaminany hoe: Ny lanitra no seza fiandrianako, Ary ny tany no fitoeran-tongotro; Koa trano manao ahoana no hataonareo ho Ahy? hoy Jehovah, Ary manao ahoana no ho fitoerana fitsaharako? Tsy ny tanako va no nanao izao zavatra rehetra izao? (Isa. 66:1,2.) Ry olona mafy hatoka sady tsy voafora fo sy sofina, ianareo manohitra ny Fanahy Masina mandrakariva; tahaka ny nataon'ny razanareo ihany no ataonareo koa. "Satana no nahafantatra izany Teny izany teny ampandehanana. Izy koa te hitoetra anatin’ny olona tahaka izay nataon’Andriamanitra. Fa Andriamanitra efa nanokana izany ho a’ny Tenany samirery. Satana tsy afaka manao izany. Andriamanitra irery ihany no niseho tamin'ny olombelona nofo. Satana tsy afaka nanao izany ary tsy afaka ny hanao izany. Tsy manana hery famorona izy. Ny fomba tokana ahafahan’i Satana hanatanterahana izay tiany hatao dia ny fidirana tao amin'ilay menarana tany Edena, eny tahaka ny nidirany tamin'ny fanahy ratsy tao anatin’ireo kisoa tao Gadara. Andriamanitra tsy miditra anatina biby, fa Satana afaka ary manantanteraka ny hiafarany. Tsy afaka nanana zanaka mivantana tamin’i Eva izy tahaka ny nataon’Andriamanitra tamin’i Maria, noho izany dia niditra tao amin'ny bibilava izy ary avy eo dia namitaka an’i Eva. Nofitahany izy, ary avy amin’ny alalany no nanan’i Satana zaza ho solo-tenany. Kaina dia nitondra ny fahafenon’ny toetra ara-panahin’i Satana sy ny mahabiby azy (fisainana ara-nofo, ara-nofo), izay toetra mampiavaka ny menarana. Tsy mahagaga ny Fanahy Masina raha nilaza fa Kaina dia avy amin’ilay ratsy. Izay izy.

Ankehitriny dia tiako ianao hijery porofo hafa ananantsika fa misy toetra hifandraisan’ny olona sy ny biby. Izy io dia zavatra ara-batana. Fantatrao ve fa azo atao ny maka sela avy ao am-bohoka izay mbola tsy teraka ary ampidirina amin’ny olombelona? Avy eo ireo sela tiroida ireo dia mifandray tsara amin’ny tiroidan’ny olombelona, ny selan’ny voa dia mifanaraka tsara amin'ny voan’ny olombelona. Tsy tsapanao ve fa mahatalanjona izany? Ny faharanitan-tsaina no nitarika ireo sela, izay an’ny biby ireo amin'ny toerana tokony hisy azy. Izany faharanitan-tsaina izany dia manaiky ireo sela ireo sy mametraka azy ao amin'ny toerana tena tokony hisy azy. Misy toetra hifandraisana eo amin'ny biby sy ny olona. Tsy afaka mifangaro sy miteraka ireo. Efa nandramana izany. Fa tao amin'ny sahan’i Edena no nitrangan’ny fifangaroana ary ny fifandraisan-toetra ara-simika dia manaporofo izany. Fa tany Edena ny menarana dia zavaboary mijoro. Izy dia manakaiky ny olona ary efa ho olona. Satana dia nanararaotra ny toetra ara-batana nanan’ny menarana mba hampiasa azy hamitaka an’i Eva. Ary noravan'Andriamanitra ny endriky ny menarana. Tsy misy biby hafa afaka mifangaro amin'ny olona. Fa ny toetra hifandraisana dia ao.

Ankehitriny satria efa lasa lavitra isika, mamelà ahy hiezaka hanazava ny fomba fijerinareo mikasika io lohahevitra io mba hahafahanareo mahita ny tsy maintsy nandehanantsika tany amin’ny ‘fampianarana ny taranaky ny menarana’ araka ny fahitako izany koa. Isika dia nanomboka tamin'ny ny hoe: Nisy hazo ROA roa teo afovoan'ny saha. Ny Hazon'Aina dia i Jesosy. Ilay hazo iray hafa dia azo antoka fa tena i Satana, noho ny zavatra nivoaka tamin’ny voan' ilay hazo. Koa ankehitriny anefa fantatsika fa ireo hazo roa ireo dia nanana fifandraisana tamin’ny olona raha tsy izany dia tsy napetraka tao. Tsy maintsy ho nanana anjara tamin'ny drafitra lehibe izay an 'Andriamanitra ny fifandraisany amin'ny olombelona sy ny Tenany, raha tsy izany dia tsy afaka ny hametraka an'Andriamanitra ho mahalala ny zavatra rehetra isika. Izany rehetra izany dia marina hatreto, tsy izany ve? Noho izany ny Teny dia tena nametraka izany TALOHAN'ny nanorenana ny tany, ny tanjona'Andriamanitra dia ny hizara ny fiainana mandrakizay amin’ny olona. Efesianina 1:4-11, "Araka ny nifidianany antsika tao Aminy alohan’ny nanorenana izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika amin’ny fitiavana: rehefa nofidiany mialoha mba ho Azy amin'ny fananganan'anaka tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka izay ankasitrahan'ny fony, ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, izay nahatonga antsika nekena ao amin'ny malala. Izy no ananantsika fanavotana amin'ny ràny, dia ny famelàna ny

fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany, izay nataony betsaka ho antsika ny fahendrena sy ny fahamailona rehetra, rehefa nampahafantra ny zava-miafina ny amin'ny sitrapony tamintsika Izy, araka ny safidiny izay nokasainy tao anatiny; Koa any amin'ny fotoana hitantanana ny fahafenoan'ny fotoana hanangonany ho iray ny zava-drehetra ao amin'i Kristy, na izay any an-danitra, na etỳ an-tany, izay ao Aminy: Ao aminy ihany koa no ahazoantsika antsika lova, rehefa notendrena mialoha rahateo isika araka ny fikasan'Andriamanitra'ilay mahefa ny zavatra rehetra araka ny hevitry ny sitrapony." Apokalypsy 13:8, "Ary izay rehetra monina ambonin'ny tany, dia hiankohoka aminy (Satana), dia ireo ny anarany tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry, izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao." Fa izany fiainana izany tsy afaka ny ho raisina amin'ny fomba hafa afa-tsy ny fomban "Andriamanitra miseho eo amin'ny nofo.” Izany dia anisan’ny drafitra sy fikasàna mandrakizay notendreny. Izany drafitra izany dia ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany. Izany no drafitry ny Fanavotana. Izany no drafitry ny Famonjena. Ary henoy tsara." Andriamanitra izay-Mpamonjy, dia tsy maintsy nifidy mialoha ny olona izay mila famonjena mba hanomezany ny Tenany ny antony sy ny tanjona amin’ny fiainany. " izany dia zato isan-jato ny fahamarinany ary maro ny Soratra Masina no milaza izany tahaka ny andininy ao amin’ny Romana 11:36, "Fa avy Aminy, sy amin'ny alalany, ary ho Azy, ny ZAVATRA REHETRA; ho Azy anie ny VONINAHITRA mandrakizay. Amen." Ny olona tsy afaka tonga ka handray mivantana ilay Hazon’Aina tao afovoan'ny saha. Ilay Fiainana Mandrakizay ao amin'ny Hazo tsy maintsy ho tonga nofo aloha. Fa alohan’ny hitsanganan'Andriamanitra hamonjy ny mpanota, dia tsy maintsy lavo ny olona. Ilay fahalavoana izay vokatry ny nataon’i Satana, tsy maintsy nanana nofo mba ho afaka handavo. Satana dia tsy maintsy tonga tamin'ny alalan'ny nofo koa. Fa Satana tsy maintsy nanana nofo mba hahatonga ny fahalavoana toy nahatongavan’i Kristy tamin'ny nofo mba hanarina ny lavo. Fa nisy tokoa ny biby, ny menarana izay akaikin’ ny olona, ary Satana afaka nankao amin’ilay bibidia ary amin’ny alalan 'izany biby izany dia afaka mahazo ny olombelona ka nahatonga ny fahalavoana, dia tahaka an’i Jesosy indray andro any tonga ary mampiditra ny Tenany ao amin’ny vatan’ny olombelona, eny hatrany amin’ny fitsanganana amin'ny maty izay ananantsika vatana feno voninahitra tahaka ny Azy. Noho izany izay nataon’Andriamanitra tao amin'ny saha dia ny drafitra notendreny mialoha. Ary rehefa nentin’i Satana izay ilaina momban’ny sitrapon'Andriamanitra, dia tsy afaka mahazo ny Hazon'Aina tao amin'ny saha ny olona. Tsia. Tsy mbola ny fotoana. Fa ny biby (biby efa nahatonga ny fahalavoana, tsy izany ve? Aoka ny aim-biby no nalatsaka) dia nalaina ary ny ràny nalatsaka, avy eo Andriamanitra nanana fiombonana tamin'ny olona indray. Fa tsy maintsy tonga ny andro iray izay nisehoan’Andriamanitra amin'ny nofo, ary tamin'ny alalan’ny fanetre-tenany no namerenany indray ny olona lavo sy manao azy ho mpiombona amin’ilay Fiainana Mandrakizay. Rehefa hitanareo izany, dia afaka mahatakatra ny taranaky ny menarana ianareo ka ahafantatra fa tsy paoma no nohanin’i Eva. Tsia, fa ny fanimbàna ny olombelona tamin'ny alalan'ny fifangaroana tamin’ilay voa.

Ankehitriny dia fantatro fa amin'ny famaliana fanontaniana iray dia hisy iray hafa hipetraka, ary ny olona manontany ahy hoe: "Raha maty tamin'izany lalana izany Eva, inona no nataon'i Adama, satria Andriamanitra nanome tsiny an’i Adama?" Izany dia tsotra. Ny Tenin'Andriamanitra dia mipetraka mandrakizay any an-danitra. Talohan'ny nanamboarana kintana iray, ilay Teny (ny lalàn'Andriamanitra) dia efa teo, ary MITOVY AMIN’ NY VOASORATRA AO AMIN'NY BAIBOLINTSIKA. Ary ny Teny dia mampianatra antsika fa raha misy vehivavy mandao ny vadiny, ary mandeha amin'ny lehilahy hafa dia mpijangajanga izy ka tsy manambady intsony, ary ny vadiny tokony tsy haka azy hiverina. Marina izany Teny izany tao Edena, tahaka ny maha-marina izany koa araka ny nosoratan’i Mosesy tao amin’ny lalàna, rehefa nanoratra azy io i Mosesy tao amin'ny lalàna. Ny Teny dia tsy afaka miova. Adama naka azy indray. Fantany tsara ny zavatra nataony, fa nataony ihany izany. Izy dia ampahany nalaina taminy, ary izy dia vonona ny hizaka izay nataon’ny vadiny eo amin’ ny tenany. Tsy navelany handeha izy. Dia nanan’anaka Eva taminy. Fantany fa hanana izy. Fantany tsara ny zavatra hitranga amin’ny taranak’olombelona, ka nivarotra ny olombelona ho amin’ny fahotana izy mba hahazoany an’i Eva, satria tiany izy.

Ary noho izany dia teraka ireo zaza roa lahy ireo. Zazalahy izay ho rain’ny taranak’olombelona izay efa voaloto ankehitriny. Ary inona no lazain’ny firaketana an-tsoratra momba azy ireo? Vakio ny firaketana an-tsoratra. Joda 14 "Ary Enoka koa, ilay fahafito avy amin’i Adama, dia efa naminany..." Genesisy 5 dia ny toko momba ny firazanan’i Enoka. Milaza ny firazanany tahak’izao, 1. Adama, 2. Seta, 3. Enôsa, 4. Kenana, 5.

Mahalalila, 6. i Jarèda, i Enoka 7.. Mariho fa i Kaina no tsy voalaza. Ny taranak'i Adama dia nanomboka tamin'ny Seta. Raha zanak 'i Adama Kaina, ny lalànan'ny fizokiana dia tokony nomena an'i Kaina teo amin'ny Taranaka. Ary koa tsara ho fantatra fa ao amin'ny Genesisy 5:3, dia milaza fa, "ny andro niainan'i Adama dia telo-polo amby zato taona; ka niteraka zazalahy tahaka ny tarehiny, araka ny endriny, ary ny anarany nataony hoe Seta." Eny tsy maintsy ho toy izany izy raha tena zanany, fa ny lalànan'ny fananahana dia hentitra fa ny tsirairay dia miteraka araka ny endriny. Tsy maintsy ekentsika ihany koa fa amin'ny firazanany ao amin'ny Genesisy sy Lioka, Kaina dia tsy hita. Raha zanak'i Adama Kaina dia azo nolazaina ny momba azy, fa "Kaina, izay zanak'i Adama, zanak' Andriamanitra." Tsy afaka nolazaina izany satria TSY AZO ambara izany.

Mazava ho azy fa ireo mpianatra nandritra ny fotoana maro dia nametraka laharana lehilahy roa: ny iray dia ny laharan'ny tsara fanahy hita ao amin'ny Seta ary ny iray dia ny ratsy fanahy araka ny naorin'i Kaina. Ary izany dia mahagaga kanefa marina, ireo mpianatra ireo dia tsy mbola nilaza tamintsika ny amin'ny hoe nahoana i Kaina no olona tahak'izany raha Abela sy Seta dia ara-panahy, araka an'Andriamanitra. Ny tokony ho izy dia, Kaina tokony ho ara-panahy ary Abela ara-panahy fa latsaka kely, sy Seta koa manoatra izany,ary mitohy midina satria ny taranaka tsirairay nifandimby dia mazàna nihataka tamin'Andriamanitra. Fa tsia, Kaina dia nivoaka ho ratsy fanahy izay tsy misy olona nanazava izany satria nahatohitra an' Andriamanitra sy ny Teny tamin'ny herisetra izy.

Ary aoka ho fantatrareo izao: ny Soratra Masina tsy milalao amin'ny teny. Na inona na inona ao amin'ny Firaketana dia ao, ho an'ny maso voaosotra. Tao izany satria misy antony. Amin'izany Teny voalaza izany, Genesisy 3:20, "Ary Adama nanao ny anaran'ny vadiny hoe Eva, satria izy no renin'ny olombelona rehetra." Fa tsy misy mihitsy Soratra Masina milaza fa i Adama no rain'ny olombelona rehetra. Raha toa ka tsy misy io filazana hevitra io mba hapetraka ao amin'ny Genesisy 3:20, nahoana ary no voalaza fa i Eva no renin'ny rehetra, ary tsy misy teny momba an'i Adama? Ny antony dia ny hoe na i Eva aza no renin'ny olombelona rehetra dia tsy Adama kosa no rain'ny olombelona rehetra.

Ao amin'ny Genesisy 4:1, hoy Eva : "Nahazo zazalahy avy amin'ny Tompo aho." Izy tsy nilaza hoe Adama ny rain'i Kaina. Fa ao amin'ny Genesisy 4:25, hoy izy, "...fa Andriamanitra, hoy izy, efa nanome ahy zanaka iray HAFA, ho SOLON'I ABELA izay novonoin'i Kaina." Tsy nilaza izy fa Andriamanitra NANOME azy zanaka anankiray -- izay tokony ho i Kristy, satria Izy NOMENA. Ity zazalahy ity, Seta, NOTENDRENA hisolo an'i Abela. Fantany ny zanany avy tamin'ny i Adama; izy tsy nahafantatra an'i Kaina satria tonga avy amin'ny menarana. Rehefa nilaza izy hoe ANANKIRAY HAFA solon'i Abela, dia midika ny filazàna hoe Kaina dia tsy mitovy amin'ny Abela, fa raha iray ihany ny rain'izy ireo dia tokony nilaza izy hoe, NITOMBO INDRAY ny taranako.

Tsy mino ny zavatra rehetra vakiako aho, fa tena zavatra mahaliana tokoa ny nivoaka tamin'ny LIFE ny 1 Martsa, 1963, ny pisikiatra dia milaza zavatra mitovy amin'izay resahintsika. Ankehitriny dia fantatro fa ny Psikiatra rehetra tsy mitovy hevitra amin'izy samy izy, kanefa eto dia izany. Ny fahatahorana ny bibilava dia tsy ny fieritreretana hoe tsy tiako maizina, fa ny tsy fieritreretana an'izany. Raha tahotra voajanahary izany dia toy ny olona liana, faly mijoro eo anoloan'ny rajako na liona mihidy. Ny tsy fieritreretan'izy ireo no mahatonga azy handinika bibilava. Ny fihetsiky ny bibilava dia tsy azon'ny saina an'eritreretina ny fifandraisany amin'ny firaisana ara-nofo. Izay efa nisy tamin'ny fotoana hatramin'izay dia hitan'ny olona amin'ny taranaka nifandimby ary mandeha tsy misy fiovàny. Ny bibilava dia mahasarika sy mampihori-koditra foana. Ny bibilava dia nitsangana foana ho amin'ny tsara sy ny ratsy. Famantarana ny maha-lehilahy foana izy hatramin'izay. Mitovy tanteraka ny famaritana ny Saha Edena, izay ahitantsika ny menarana endrika maneho ny mpankafy ratsy.

Izany dia saika maneran-tany eny anivon'ny foko isan-karazany izay lazaina fa ny bibilava no mifandray amin'ny firaisana ara-nofo, ary dia matetika hivavahana amin'izany. Ny fianarana momban'ny firaisana ara-nofo dia maneho izany amin'ny toe-javatra maro. Ankehitriny aho dia te ahafantatra izay nahazon' ireo olona ireo izany, satria izy ireo tsy nahita fianarana ary tsy namaky Baiboly. Fa na dia tahaka ny tantaran'ny safo-drano izay fantatra manerana izao tontolo izao aza, dia toy izany koa ny marina momban'ny fahalavoan'ny

olona dia fantatra. Fantatr'izy ireo ny zava-nitranga tao Edena.

Ary eto misy olona hanontany ahy ity fanontaniana ity: Nolazain'Andriamanitra ve i Eva mba hitandrina ny amin'ny bibilava ny amin'ny mety hamitahan'ny menarana azy? Henoy tsara ary, Andriamanitra dia tsy voatery hoe hilaza zavatra iray momba izay hitranga. Jereo fontsiny izay tian'ny tantara ambara. Nomeny azy tsotra izao ny Teny. Nolazainy mba tsy handray anjara amin'ny FAHALALANA. Mandraisa ny FIAINANA. FIAINANA NO TENIN'ANDRIAMANITRA. NY FAHAFATESANA DIA NY ZAVATRA REHETRA TSY TENIN'ANDRIAMANITRA. Navelany anefa ny TENY IRAY mba hiova ka teo ihany Satana dia nanana azy. Andriamanitra afaka no nanao hoe: "Aza maka voany betsaka eny amin'ny hazo afa-tsy izay ampy anao ihany." Satana afaka manao hoe: "Indro, izany dia tena marina. Hitanao raha maka be loatra ianao dia ho lo. Fa ity misy fomba hiarovana ny voankazo dia amin'izay ianao dia afaka maka izay rehetra tianao. Noho izany dia hitanao, ianao afaka manana ny lalanao sy ny fomban'Andriamanitra miaraka." Ny devoly dia hahazo azy tsara amin'izany. Izay meloka amin'ny zavatra IRAY amin'ny lalàna dia efa nandika ny lalàna MANONTOLO. Aza miadaladala amin'io Teny io. Izany indrindra no nitranga tao amin'ny Vanim-potoana Efesosy alohan'ny nivoahany tokony ho tamin'ny 170 taorian'i Kristy (A.D.)

Ary inona no vokatra nentin'izany hazo izany? Ny Hazo Fahalalana dia nahatonga ny fahafatesana. Namono an'i Abela rahalahiny i Kaina. Ny ratsy fanahy namono ny olo-marina. Izany dia nametraka namela modely. Hihazona izany modely izany mandra-pamerenana amin'ny laoniny ny zava-drehetra araka izay nolazain'ny mpaminany.

Ny Hazo Fahalalana dia namokatra olona eny fa na dia ireo nahira-tsaina aza; Olona nanana ny lazany. Fa ny làlan'izy ireo dia ny làlan'ny fahafatesana. Ny vahoakan'Andriamanitra dia tsotra nefa misaina ara-panahy, miankina amin'Andriamanitra sy ny natiora, miasa ny tany amim-pitoniana, mitandrina ny fahamarinana fa tsy harena. Ary ny taranaky ny menarana no nitondra ny varotra lehibe sy famoronana mahavariana, fa amin'izany rehetra izany no tonga ny fahafatesana. Ny vanja amin'ny basy sy ny baomba atomika mamono amin'ny ady; ary amin'ny fotoana tsy misy ady, ny milina noforoniny, toy ny fiara, dia mamono bebe kokoa nohon'ny famoronana ady mandringana tamin'ny andro fahoriana. Ny fahafatesana sy ny fandringanana no vokatry ny asany.

Izy ireo anefa dia mpivavaka. Mino an'Andriamanitra izy ireo. Tahaka ny rainy izy ireo, ny devoly, sy ny razambeny, Kaina. Samy nino an'Andriamanitra izy ireo. Mandeha any am-piangonana izy ireo. Mifangaro amin'ny marina izy ireo tahaka ny fifampikasokasohan'ny tsimparifary amin'ny vary. Amin'ny fanaovana izany dia potika ary namokatra ny fivavahana Nikolaita izy ireo. Manaparitaka poizina izy ireo amin'ny fomba rehetra mba handravàna ny taranak'Andriamanitra tahaka an'i Kaina namono an'i Abela. Tsy misy fahatahorana an'Andriamanitra eo anoloan'ny masony.

Kanefa Andriamanitra tsy manary na iray aza amin'ny Azy. Miaro azy ireo hatramin'ny fahafatesana Izy, ary nampanantena fa amin'ny andro farany dia hanangana azy ireo.

FAMARANANA.
"... Izay maharesy dia avelako hihinana ny avy amin'ny Hazon'Aina, ao afovoan'ny paradisan'Andriamanitra." Tena mampientam-po izany hevitra izany. Izany Hazon'Aina tao amin'ny Sahan'i Edena izany. Izay tsy azo nantonina nohon'ny fahalavon'i Adama ankehitriny dia omena ny mpandresy. Ny lelafon'ny sabatry ny kerobima mpiambina dia efa mipetraka amin'ny fitoerany. Nefa tsy napetraka tao io raha tsy mihoson-drà tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry. Aoka isika hisaintsaina amin' izany fahamarinana izany mandritra ny fotoana fohy rehefa misaina hoe nahoana ilay Hazo no noraràna ho an'i Adama sy ny taranany kanefa ankehitriny dia navela indray.

Ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny zavaboariny, olombelona, dia ny haneho ny Teniny. Ao amin'ny Genesisy, Adama dia nomena ny Teny mba ho velona. Ny fiainana velona amin' ny Teny dia ny Teny miseho. Tsy izany ve no marina? Fa i Adama ve nivelona tamin'izany Teny izany? Tsia, satria tokony tsy maintsy niaina ny Teny

REHETRA izy, kanefa tsy voatandriny ny Teny rehetra. Dia nitsangana Mosesy. Tena lehilahy lehibe sy mahery izy. Nefa Izy koa dia tsy ny niaina ny Teny rehetra, ary io mpaminany io,karazan'ilay Mpaminany Lehibe ho avy dia lavo tamin'ny fahatezerana mba ho fankatoavana ny Teny. Tonga koa Davida, ilay mpanjaka lehibe tamin'ny Isiraely, lehilahy araka ny fon'Andriamanitra. Lavo nohon'ny fanitsakitsaham-bady, rehefa nalaina fanahy. Fa amin'ny farany, amin'ny fahafenon'ny fotoana, dia nisy olona ANANKIRAY tonga, ilay Lohany, dia i Jesosy, Izay tsy maintsy halaim-panahy ihany koa mba hahitàna raha hiaina amin'ny Teny rehetra izay naloaky ny vavan'Andriamanitra Izy. Ary teo no voasakana Satana. Fa eto dia Ilay Iray velona amin'ny "Voasoratra hoe," ary izany Sangan'asan'Andriamanitra izany dia naharesy tamin'ny fanehoana ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany dia teo Ilay Lavorary no nomena ny hazo fijaliana, toy ny Zanak'ondrin'Andriamanitra Lavorary ho sorona tonga lafatra. Ary teo ambonin'ilay `hazo' no nandraisany ny ratra ho amin'ny fahafatesana, fa isika, amin'ny alalany ary noho ny aminy, dia afaka hihinana ny Hazon'Aina, ary izany fiainana nomena maimaim-poana izany no ahafahantsika mandresy sy maneho ny Tenin'Andriamanitra.

Ary ankehitriny ho an' ireo zanak'Andriamanitra ireo, izay naharesy noho ny Aminy, dia nomena ny tombontsoan'ny paradisan'Andriamanitra, sy ny fiarahana tsy tapaka amin'i Jesosy Kristy. Tsy hisy intsony ny fisarahana Aminy. Izay alehany no alehan'ny vadiny.Izay Azy dia zarainy amin'ny malalany amin'ny fiafandraisanan'ny mpiara-mandova. Ny zava-miafina dia ambara. Ny zavatra maizina dia aseho. Ahafantatra isika tahaka ny ahalalana antsika. Ary isika, dia ho tahaka Azy. Izany no lovan'ny ny mpandresy izay naharesy noho ny ràn'ny Zanak'ondry sy ny Teny, ny fijoroana ho vavolombelon'i Jesosy Kristy.

Endre izany fiandrasantsika izany andro izany rehefa tonga mahitsy ny làlana mikitoatoana rehetra, hiaraka Aminy isika, fotoana tsy misy farany. Enga anie izany andro izany ho tonga faingana ka hiseho, ary enga anie isika hihazakaka hankatò ny Teniny, ary amin'ny alalan'izany dia hanaporofo ny fahamendrehantsika mba hizara ny Voninahiny.

"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana." Tena mampalahelo fa ity vanim-potoana voalohany ity dia tsy nihaino ny Fanahy. Olona no nohenoiny. Fa hisaorana Andriamanitra fa amin'ny vanim-potoana farany dia hisy ny vondrona hitsangana, ny Ampakarina Tena izy amin'ny andro farany, ary izy dia hihaino ny Fanahy. Amin'izany andron'ny aizim-pito izany, ny fahazavàna dia hiverina amin'ny alalan'ny Teny madio tsy misy kilema, ary isika hiverina ho any amin'ny herin'ny Pantekosta mba hitsena ny Tompo dia Kristy Jesosy.

www.believersnewsletter.org

mailto:info.bnl.ministries@gmail.com